Ny Tombokasen'Andriamanitra

. . .-fohazana, karazan'ilay fanao tranainy izay nananantsika fahiny taona maro lasa izay, ary tena mankasitraka tokoa isika ny amin'izany. Ary ankasitrahako ilay fihirana fanampiny, ny fihirana rehetra, ary ireo manokana. "Nandeha tamin'ilay maily faran'ny làlana aho; fitsaharana amin'ny fahataperan'ny andro." Eo amin'izany, angamba, no ipetrahana eto fotsiny, rehefa nihira an'izany izy ireo, nijery ny tany ivelany ary nahita ny masoandro raha nilentika izy; ireo vorona rehetra nihira malefaka sy moramora, saiky mifarana ny rehetra ankehitriny ary miditra ao amin'ny fitsaharana izy ireo, mba hifoha rahampitso maraina ho an'ny andro anankiray vaovao.

2 Ary izany no fomban'ny fiainana; ho lasa tsy ho ela ireo andro fiasana, ary hitsotra eo ambonin'ny fandriantsika isika. Tiako ny hiresaka Aminy amin'izany andro izany, hiresaka Aminy fotsiny. Manangona an'ireo akanjoko manodidina ahy, ary miditra ao amin'ilay efitrano.

3 Eo am-pahafantarana an'izany, tahaka ny nolazain'i Masindahy Paoly fahiny hoe, "Mahafantatra Azy ao amin'ny Herin'ny Fitsanganany aho." Fa, rehefa miantso hivoaka eo anivon'ny maty Izy, dia ho voaantso hivoaka miaraka amin'izy ireo aho. "Mahafantatra Azy ao amin'ny Herin'ny Fitsanganany." Tsy hoe mahafantatra Azy amin'ny teny na amin'ny atao, fa mahafantatra Azy ao amin'ny Herin'ny Fitsanganany. Izany no anankiray—anankiray amin'ireo fanantenantsika lehibe izao hariva izao, ary ny fanantenana tokana izay ananantsika, dia ao amin'ny. . .ilay fitsanganana lehibe an'i Jesosy Tompontsika; sy ny fitsanganana mialoha izay ananantsika ankehitriny, avy ao amin'ny fahafatesana mankao amin'ny Fiainana, amin'ny fananantsika ny Fiainana Mandrakizay amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy.

4 Miandry, ary fiandrasana lehibe, an'ny natiora rehetra, mandra-pahatongan'ilay andro izay Hihaviany fanindroany, avy any An-danitra, Ilay hirahin'Andriamanitra amin'ny vanim-potoana maha-mety. Ary amin'izay fotoana izay ireto vatana mety maty ireto, izay isentoantsika ankehitriny, dia hitafy ny tsy mety maty, "Ary hovàna isika ka ho lasa tahaka ny Vatany Manokana be voninahitra, satria hahita Azy isika araka ny maha-izy Azy."

Amin'izay fotoana izay ny ota sy ny alahelo, ny ota sy ny fahafatesan'ity izao tontolo izao maizina ity dia hitsahatra,

Ao amin'izany fanjakana be voninahitry ny arivo taonan'ny fiadanana miaraka amin'i Jesosy izany.

5 Miandry an'izany ireo vorona. Miandry an'izany ireo hazo. Ny natiora rehetra dia milefitra sy mitomany, miandry an'izany fotoana izany, misento mba ho ampitafiana.

6 Ny zanako vavy kely, vao tsy ela izay, dia nametraka fanontaniana iray tamiko. Hoy izy hoe, "Dada, tahaka ny inona ity tany ity rehefa vitan'Andriamanitra tanteraka izy?"

7 Hoy aho hoe, "Tsara tarehy izy, malala. Tsara tarehy izy." Dia hoy aho hoe, "Indray andro any dia hitovy amin'izany indray izy, rehefa hiala ny ozona. Ary amin'izay fotoana izay isika dia. . .Ho tahaka ny tany amin'ny fiandohana izy, paradisan'Andriamanitra lehibe anankiray."

8 Ankehitriny, ao amin'ilay asa avy hatrany. Mieritreritra aho ankehitriny, an'ilay hariva voalohany. . .Ity no hariva fahatelon'ny fifohazana kelintsika. Ary tsy nanana asam-panasitranana iray isika. Mba ialàna sasatra fotsiny izany, mba hanehoana fotsiny an'ireo fihetseham-pontsika, sy hampianarana ny Filazantsara amin'ilay fomba fanao tranainy; ilay Filazantsara iray ihany izay nampianariko teto, maro, taona maro lasa izay, dia tsy novaiko na dia kely aza. Marina izany, ilay Filazantsara iray ihany mihitsy, tsy nisy fanavaozana na fanadiovana na dia kely aza; ilay Filazantsara iray ihany mihitsy.

9 Tany amin'ireo fivoriana tany ivelany, amin'ny mahatsy anaram-piangonana, eo amin'ny fototra izay ifotorana ao amin'ireo efitrano fivoriana ka olona maro avy amin'ny anaram-piangonana samihafa no miangona, dia mihazona kely ny tenanareo hiala amin'ny Foto-pampianarana ianareo; amin'ny rehetra afa-tsy ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ihany, ary, mazava ho azy, ny fanekena ny Tompo Jesosy. Fa rehefa ao an-tranonareo ianareo, tahaka an'ity fiangonana eto ity, dia mahatsapa fotsiny ianareo toy ny hoe hanala ny vozon'akanjonareo mihitsy, ary dia mitory tsotra fotsiny an'izay tena heverinareo mihitsy fa hoe marina, ary izany no izy.

10 Ary matetika, eto, dia manana isika, matetika, an'ireo olona izay tsy mifanaraka. Isika tsy afaka ny hanantena ny olona rehetra hifanaraka amintsika eo amin'ireo Foto-pampianaran'ny fiangonantsika sy ireo zavatra izay ananantsika. Fa mety ho zavatra mitovy isika, raha nitory ny pasiteranareo, saingy ho rahalahiko foana izy. Aza minia tsy mankato an'izany. Fa ny tsirairay dia mijery ny zavatra rehetra amin'ny fijery samy hafa.

11 Ary amin'ity herinandro ity, hitako fa tsy maintsy nofoanako ny herinandro iray any Canada, noho ny tafiotram-panala, ka dia, izany no nanome ahy ny tombontsoa ho tonga eto amin'ny tabernakla ho an'ny harivam-pifohazana vitsivitsy, izay nampanantenaiko rehefa niainga aho. Ary nampahafantariko izany, fa tsy hisy. . ."tsy asam-panasitranana iray; mitory fotsiny ny Filazantsara." Izao fotsiny. . .Ary eo amin'izany, hitako, nieritreritra aho fa angamba haka hariva vitsivitsy isika

eo amin'ireo Taonan'ny Fiangonana Fito. Satria mino marina tokoa aho fa miaina ao amin'ilay taonan'ny fiangonana farany isika, ilay andro farany, mialoha indrindra ny Fihavian'ny Tompo Jesosy.

12 Miezaka foana aho ny mandanjalanja ny tenako, ilay fiangonana kely eto, amin'izay noteneniko rehetra, satria ilay Tompo tsaran'ny Lanitra dia nanome ahy asam-panompoana bitika kely, ihany koa, avy ao amin'ilay lafiny ivelan'ny voajanahary, araka ny fantatrareo. Ary mifikitra eo amin'ny teninareo ny olona, ary—ary noho izany dia izaho—izaho no tsy maintsy mitandrina tsara amin'ireo fanambarana izay ataoko. Satria, raha nanaiky an'izany herin'ny fahitana sy fahafantarana izany ny Fanahy Masina, izay tsy azo lavina, ka mandre anareo miteny izy ireo, dia mahatsapa izy ireo fa manana fiheverena anankiray ny amin'izay resahinareo ianareo, raha tsy izany dia tsy hidera fahadisoana iray mihitsy Andriamanitra ka handefa an'ilay izy tahaka an'izany. Hitanareo? Noho izany dia tsy maintsy mitandrina tsara ianareo, ary mandanjalanja an'izany ao amin'ny hazavan'ny Teny, isan'andro. Ary ao amin'izany, raha manao fahadisoana aho, dia mivavaka amin'Andriamanitra aho hamela ahy, satria tsy fanahy iniako izany. Ary izaho . . .

13 Ary amin'ny fotoana rehetra, eo am-pampianarana, ary indrindra eo amin'ireo lohahevitra lalina izay idirantsika ankehitriny, ary omaly hariva dia teo amin'*Ny Mariky Ny Bibidia*, sy ireo lohahevitra tahaka an'izany, ary izao hariva izao dia *Ny Tombokasen'Andriamanitra*, ny marik'Andriamanitra, sy ny sisa tahaka an'izany, dia tsapako fa angamba, mety hanana maro aho izay karazan'ny tsy hifanaraka amin'ity, amin'izay ampianariko eo amin'izany. Saingy miezaka ny manao an'ilay izy fotsiny aho araka . . . tsy hitondra an'Izany ho ao amin'ny fiangonana iray, anaram-piangonana iray, na olona iza na iza, tsy izany mihitsy. Andriamanitra no mahafantatra an'izany. Ao amin'ny Hazavana izay ahitako azy fotsiny, dia izany no fomba hiresahako azy.

14 Ary tsy misy fiangonana izay manonona ny Anaran'ny Tompo Jesosy izay tsy tiako. Tsy misy olona izay afaka manonona ny Anarany, na manana fanajana Azy, ka tsy handehanako mandra-pahafatiko mba hanao zavatra ho azy ireo. Marina izany. Tsy mampaninona izay mari-pivavahana entin'izy ireo, na Metodista izany, Batista, Katolika, na inona na inona mety haha-izy azy, tsy midika venty sy kirobo amiko akory izany. Marina izany. Raha mbola manana fanajana ny Tompoko foana izy ireo.

15 Fa, ankehitriny, dia misy Drafitra iray. Ary ankehitriny ny fiangonana tsirairay dia mampianatra, angamba, hoe inona no teolojian'izy ireo avy amin'izany fiangonana izany, mino fa izany no mifototra eo amin'ny Drafitra iray. Eny, ankehitriny, matetika, eo am-pahitana an'ireny zavatra ireny, dia tsy izany

mihitsy ny fomba hamakiako an'ilay Drafitra, noho izany dia manana zo aho ao amin'ny fiangonako manokana ny hametraka an'izay heveriko fa marina.

16 Teto fotoana vitsy lasa izay, mpiantoka anankiray . . . Tany Milltown aho, tao amin'ny fiangonana Batista ao Milltown, izay nanaovanay fifohazana iray. Ary Rahalahy Wright sy ianareo rehetra, heveriko, dia mahatadidy an'i Marion Lee. [Hoy Rahalahy George Wright hoe, "Amena."—Mpand.] Ary sorena tanteraka izy mikasika ny zavatra anankiray izay nampianariko momba ny batisan'ny rano. Eny, nandeha nody izy, ary sorena izy mikasika an'izany. Ary mpiantoka iray izy.

17 Nanonofy nofy iray izy ny alin'io. Nasehon'ny Tompo taminy fa nanorina trano anankiray izy, ary tsy maintsy nametraka varavarankely mivohitra teo amin'izany izy. Ary noho izany raha tokony nametraka varavarankely mivohitra teo amin'izany izy, dia lavarangana fotsiny no napetrany, hoy izy, "Izao no ho tsara." Noho izany rehefa tonga ilay tompon-trano, dia hoy izy, "Ravao hatrany amin'ny fototra io; avereno indray."

18 Noho izany dia nampianarina zavatra hafa noho izay nampianarin'ny Baiboly izy, ka dia hoy izy hoe, "Mety amiko angamba ny mandrava an'ilay fototra ary manorina azy indray." Nandeha nody niaraka taminy aho tamin'io hariva io, nijanona tao an-tranony ny alina manontolo. Noho izany izahay . . .

19 Marina izany. Tsy maintsy naseho izany. Ary, ny mampianatra an'ireto lohahevitra ireto, tsy mpampianatra aho. Fa ao amin'izay fantatro ny amin'Izany, dia tiako ny hanazava an'Izany amin'ny hafa, ary hanao fiombonana manodidina ny Teny, raha manao an'Izany ho tena misy ao amin'ny fontsika ny Fanahy Masina. Ary noho izany dia manana fotoana lehibe fotsiny isika eo am-panaovana an'izany.

20 Ary karazan'ny mampitsahatra kely ny pasitera malalantsika eto fotsiny isika, Rahalahy Neville. Raha misy vahiny ao amin'ny vavahadintsika; ilay lehilahy, *eto,* no pasiteranay, Rahalahy Neville, lehilahin'Andriamanitra, tena mpanompon'i Jesosy Kristy Tompo. Tsy milaza an'izany aho satria hoe mipetraka eto izy. Milaza an'izany aho rehefa tsy eo izy, na aiza na aiza, izany foana izy hatramin'izay nahafantarako azy. Metodista hentitra izy, ary Batista hentitra aho, saingy mpirahalahy miaraka izahay, ary niara-nihodina izahay roa mba ho lasa holy-rollers. Tena tsara, sa tsy izany, rahalahy? Amena. [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Amena. Haleloia!"—Mpand.] Noho izany dia mijoro eo amin'ny tany iraisana izahay.

21 Eny, isika, isika dia manana fotoana mahafinaritra amin'izany fomba izany, "Manana fiombonana fotsiny amin'ny hafa, raha ny Ràn'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, no manadio antsika amin'ny tsy fahamarinana rehetra." Noho izany dia manana fotoana lehibe isika, ary mankasitraka an'ireo

vahiny eo amin'ny vavahadintsika tokoa isika, izao hariva izao, eto.

22 Ny fifohazana kelintsika, heveriko fa manontany tena ianareo hoe nahoana no tsy nanaovana filazana ilay izy. Eny, fotoan-jobily kely fotsiny ho an'ny fiangonantsika eto ilay izy, ary izany no antony mahatonga antsika angamba . . . Tsy fantatro hoe ahoana no hitarihan'ny Fanahy Masina, fa angamba hariva anankiray, mialohan'ny hamaranantsika eto, dia mety hanana asam-panasitranana anankiray isika, raha sitraky ny Tompo. Ary noho izany dia matoky aho fa hanaiky an'izany Izy.

23 Tsy maintsy hiverina any Canada aho ankehitriny, hanohy an'ireo fifohazana. Ary araky ny fantatry ny rehetra, dia manana fandaharam-potoana tena mavesatra izahay, tena feno hatrany amin'ny datin'andro handehanana any am-pitan-dranomasina. Ary efa vita ireo fiomanana, hanomboka any Durban, Atsimo . . . any Johannesburg, Afrika Atsimo, amin'ny Septambra, eo amin'ny fahatelo. Ary avy eo dia hanohy izahay ho ao Durban; sy ho any Inde; sy ho any Palestina; sy Luxembourg; sy Frankfort; sy Transjordan; ary manerana any. Hiverina hody rehefa tarihin'ny Tompo hiverina, rehefa miteny aminay mba hiverina Izy. Avy eo dia eo am-panomanana làlan-kaleha hafa izy ireo ho any New Zeland sy Australie, ary amin'izany; ary mankany atsinanana, ho any Japon, sy ireo firenena any.

24 Tsapako fa maro ny fiangonana manodidina eto, izay misy an'ireo olona, oh, oadray, izay manao karazana proselyta fotsiny, miaraka amin'ny hafa, ary, kanefa, dia olona an'arivony no tsy mbola nandre mihitsy akory ny amin'i Jesosy na indray mandeha aza. Ary noho izany dia tsapako fa . . . Izany dia fihetseham-poko, izaho manokana, adidiko ny mitondra ny Hafatra any amin'izy ireo, ny tsara indrindra izay vitako. Ary ankehitriny satria aho . . .

25 Mamelà ahy hiteny indray ankehitriny, satria, mipetraka manatrika eto, Metodista, Batista, Katolika, Presbyterana, Pentekotista, Mpivahinin'ny Fahamasinana, Nazareana, mipetraka manodidina, ary izany no nanaovana antsika . . . Mino aho fa izany no fomba hisy any An-danitra, karazany, ny vondrontsika rehetra dia mipetraka eo.

26 Ary ankehitriny ny amin'ireto hafatra ireto, toy ny hoe *Ny Mariky Ny Bibidia,* ary amin'izao andro izao izay tena misy fifanjevoana iray . . . Efa azonareo ve izany, omaly hariva? Raha azonareo, dia manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny dia hiresaka isika izao hariva izao ny amin'ny marik'Andriamanitra, na, *Ny Tombokasen'Andriamanitra.* Ankehitriny dia fantatsika . . .

27 Ankehitriny, tsy hiezaka ny hitory avy amin'ny Baiboly anankiroa aho; anankiray ihany dia ampy. Fa alaiko ny iray amin'izy ireo ho an'ny tanjona anankiray an'ireo naoty kely ery ambany, sy ny sisa, ireo fanoroana, raha toa ka hametraka

fanontaniana ny olona iray. Ary ankehitriny, rahampitso hariva, raha sitraky ny Tompo, aorian'ny toriteny . . .

28 Ny hariva voalohany, teo amin'*Ny Taona Fiton'Ny Fiangonana* nahitana hoe taiza isika, aiza isika, ara-toerana, ao amin'ilay andro izay iainantsika.

29 Omaly hariva, teo amin'ilay heloka lehibe indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao, *Ny Mariky Ny Bibidia*.

30 Ary, izao hariva izao, eo amin'ilay fitahiana lehibe indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao, *Ny Tombokasen'Andriamanitra*.

31 Rahampitso hariva, dia hanome anareo anjara iray aho hitifitra ahy, ankehitriny. Rahampitso hariva dia ireo fanontaniana, ary ireo zavatra izay tsy azonareo mikasika an'izay notoriako. Tena lehilahy mahalala fomba ianareo ary tena ramatoa, na tena Kristiana, hoy aho, hihazona ny filaminanareo ao amin'ny fotoan'ny fivoriana. Tiako ianareo hanoratra, rahampitso hariva rehefa tonga eto am-piangonana ianareo, ary tongava aloha arak'izay vitanareo, satria tsy maintsy ho tonga aloha aho hamaky sy hamaly kely an'izany indray, ny amin'izay fanontanianareo mikasika ny Soratra.

Avy eo ny Alahady maraina dia ny sekoly Alahady mahazatra.

32 Ny Alahady folak'andro, angamba ny Alahady folak'andro, dia asa fanaovana batisa. Misy ny olona izay hatao batisa. Ary avy eo ny Alahady hariva, angamba isika, na hanana hafatry ny Filazantsara iray na asam-panasitranana iray. Ho hitantsika izay itarihan'ny Tompo ho an'izany hariva izany, ho an'ny Alahady hariva, ny hafatra eo amin'izany.

33 Ankehitriny dia mahita isika, mialohan'ny hanatonantsika an'ity, fa, "Tsy misy olona any An-danitra, tsy misy olona ety an-tany, na tsy misy olona any ambanin'ny tany, izay mendrika handray ny Boky, na hanokatra Azy, na hamaha an'ireo Tombokaseny." "Tsy misy olona!" Jaona no nahita an'izany tao amin'ny Apokalypsy. Ary mampianatra ny Apokalypsy isika ankehitriny. "Ary nitomany i Jaona. Fa indro ny Zanak'ondry izay efa voavono, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao; Izy no mendrika ho tonga ka handray ny Boky avy teo amin'ny tànana ankavanan'Ilay mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana, ka nanokatra ny Boky, ary namaha ireo Tombokaseny." Ary io Zanak'ondry io, mazava ho azy, dia Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Ary ankehitriny raha Izy irery ihany no ilay Tokana izay mendrika . . .

34 Niaina niaraka tamintsika Izy indray mandeha, teto an-tany, tao amin'ny endriky ny Olona anankiray. Nonina tao amin'ny Zanany Andriamanitra, Kristy Jesosy, amin'ny maha-Andriamanitra-Olona.

35 Ary niverina tany amin'ny Voninahitra Izy, namela an'ity Teny ity, "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Kanefa, ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao aminareo mihitsy aza, hatramin'ny faran'izao tontolo izao." Ilay Tenan'ny Fanahy Masina, Andriamanitra, miverina ao amin'ny endrika Izy. . . Hoy Jesosy hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Aho; hiverina amin'Andriamanitra Aho." Nivoaka avy tao amin'ny Mandrakizay Izy, niditra tao amin'ny fotoana; nivoaka avy tao amin'ny fotoana, niverina any amin'ny Mandrakizay.

36 Ary izao tontolo izao tsy nahafantatra Azy. Teto amin'izao tontolo izao Izy, Izy no nanaovana an'izao tontolo izao, fa izao tontolo izao tsy nahafantatra Azy. Fa izay rehetra nandray Azy, izy ireo . . . nomena hery izy ireo ho tonga zanak'Andriamanitra.

37 Ary, ankehitriny, ankehitriny dia miaraka amintsika Jesosy Kristy, "Fa vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, kanefa ianareo no hahita Ahy." Ankehitriny dia hisy izao tontolo izao anankiray izay tsy mahita Azy, ary hisy "izy" anankiray izay mahita. "Satria Izaho. . . " "Izaho" dia mpisolo tena anankiray. "Izaho homba anareo, ho ao aminareo mihitsy aza, hatramin'ny faran'izao tontolo izao." Ary ianareo, ilay mpino, no hahita Azy tanteraka hatramin'ny faran'izao tontolo izao.

38 Hebreo 13:8, no nilaza, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Diniho Izy ao amin'ny Heriny, ilay Tompo Jesosy tsy miova, ilay fitiavana tsy miova, ireo fahagagana tsy miova, ireo famantarana tsy miova izay nanaraka Azy, mitohy hatrany. Ao amin'ilay Vatana mahagaga Izy ankehitriny, ilay Vatan'ireo nitsangana, avy tao amin'ny ota nankao amin'ny Fiainana. Miaina ao anatin'izy ireo Izy.

39 Andriamanitra ao anatin'ny Voninahiny lehibe, Andriamanitra nietry, avy tao amin'ilay Andry Afo, tsy nisy olona afaka nikasika, nidina tao amin'ny endrika nofon'olombelona iray izay azony nokasihana, saingy teraka avy tamin'ny virijiny Izy. Avy eo, avy tamin'izany, dia nanome ny Ainy mba hombohana, mba hanadio ny olona mpanota, ary afaka niaina avy hatrany teo anivon'ny olona Izy. Fitiavana toy ny inona no ananan'io Andriamanitra io ho an'ny olona, ka nampiseho ny Tenany Izy, mba hanao làlana madio anankiray izay Nahafahany niaina sy nitia teo anivon'ireo lehilahy sy vehivavy. Mahafinaritra izany. Eny. Izany ilay Raintsika.

40 Afaka hiresaka Aminy ve isika izao ankehitriny izao mihitsy, ilay Mpanoratra ny Boky, mialohan'ny hamadihantsika an'ireo pejy.

41 Rainay An-danitra mpiahy, manatona Anao izahay, izao hariva izao, amin'ny fomba izay nampanantenaina anay hoe, "Raha mangataka zavatra Amiko amin'ny Anarako ianareo, dia Hataoko izany." Noho izany dia tsy manana fahamarinana

izahay, tsy manana na inona na inona azonay atolotra izahay, fa tonga fotsiny izahay amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mahafantatra fa Ianao no nampanantena fa hihaino amin'ny alàlan'izany Anarana izany.

42 Noho izany dia mangataka Aminao izahay, mahafantatra fa manana izahay eto, eo ambanin'ny fandinihana izao hariva izao, ny anankiray amin'ireo lohahevitra malaza indrindra an'ny andro, *Ny Tombokasen'Andriamanitra*. Ray, mivavaka izahay, Tompo, mahafantatra fa ity andian'olona kely izay miangona eto ity, raha hitarika azy ireo ao amin'ny fahadisoana aho, dia hanao tatitra ny amin'izany aho amin'ny Andron'ny Fitsarana. Ary omaly folak'andro, teo amin'ny, *Ny Mariky Ny Bibidia*. O Ray, mivavaka izahay mba Ianao no hitari-dàlana sy hitantana an'ireo Teny ireo. Enga anie Izany tsy hiverina foana, fa enga anie Izany hahatanteraka an'izay tanjona nanoratana Azy rehefa nosoratana tao amin'ny Boky Izany.

43 Ary tongava ankehitriny, ry Ilay Masina, raiso avy hatrany ny Tenin'Andriamanitra avy ao amin'ny Baiboly, teneno Izany amin'ny alàlan'ireo molotry ny mety maty, ho eo amin'ireo sofin'ny mety maty, ary forao ny fitenenana sy ny fandrenesana, mba hahafahanay manatanteraka zavatra anankiray amin'ny alàlan'ity fiangonana miaraka ity, izao hariva izao; mahafantatra fa mety misy sasantsasany eto, raha mbola haharitra taona iray izao tontolo izao, tsy ho mety maty eto an-tany.

44 Ary ankehitriny dia ato amin'ny trano fanitsiana izahay, ato amin'ny tranon'Andriamanitra, izay tsy maintsy hahatantesanay fanitsiana. Ary enga anie ny Fanahy Masina hanitsy ahy, sy hanakombona ny vavako, tahaka ny Nanakombonanao ny vavan'ny liona, tamin'i Daniela. Ary Ianao no mahafantatra ny foko, raha hiteny teny anankiray mifanohitra aho na avy amiko manokana. Enga anie ny Fanahy Masina hanosotra ny Teny tsirairay. Hitsangana fotsiny tahaka ny siny foana iray; ary enga anie Izy no hiteny ny Tenin'Andriamanitra, izao hariva izao, satria ireo fonay noana dia maniry mafy ny handre avy Aminy. Ary enga anie Izy, Izay nanoratra ny Baiboly, ho tonga ka handika an'Izany amin'ireo Mpanomponao eto. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

45 Ankehitriny ho famerenana kely fotsiny, mba hanombohana izao hariva izao, miaraka amin'ny, *Ny Tombokasen'Andriamanitra*.

46 Aza adino, rahampitso hariva, dia tianay ianareo hitondra ny fanontanianareo. Ary soraty mazava izany, dia apetraho eto ambonin'ny lampihazo izany, aloha, na eo ambonin'ny polipitra, aloha arak'izay vitanareo. Ankehitriny ilay lohahevitra lehibe izay nananantsika omaly hariva . . .

47 Ny hariva voalohany, afak'omaly, dia ilay Fiangonana sy ny taonan'ny fiangonana, ahoana no nahitantsika an'i

Jesosy nitsangana teo afovoan'ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito, mijery toy ny jaspy sy vato manganohano, ilay fiandohana sy fiafarana, Robena sy Benjamina. Jereo ireo fanaovan-jiro fito, na ireo fitoeran-jiro fito nitsangana, sy ilay havana teo amboniny, ho fanekena iray, ary toy ny ahoana no Nisehoany. Ary ny Feony dia Feon'ny ranobe, Kristy sy ny Fiangonana, miaraka miteny; miaraka amin'ny sikina volamena iray saiky manodidina ny ampahan'ny tratran'ilay Fiangonana, nanarona, nihazona, ilay Filazantsara izay nihazona ny fahamarinan'i Kristy teo amin'ilay Fiangonana. Nijoro teo amin'ilay fototra varahina, fitsarana Masina; Andriamanitra no nandraraka ny Fitsarany Masina teo amin'i Kristy, ary nijaly Izy, ilay tsy manan-tsiny ho an'ilay meloka.

48 Avy eo, nahita hoe ahoana no nanombohan'izany niaraka tamin'ny fiangonan'i Efesosy; avy eo ny taonan'ny fiangonana faharoa; ny taonan'ny fiangonana fahatelo; ny taonan'ny fiangonana fahefatra, ireo taona dimanjato sy arivo an'ny taona maizina; nandalo tamin'ny Taonan'ny Loterana; sy ny Taonan'ny Filadelfiana; ary niditra tao amin'ny Taona Laodikiana, ilay taona farany.

49 Nahita tao amin'ny Testamenta Taloha, hoe ahoana fa tena nanao tandindona tanteraka izy ireo tany amin'ny fiandohana, tao amin'i Solomona, nidina hatrany amin'ny andron'i Ahaba, ilay taona maizina. Ary nahita, tahaka an'i Jezebela, Ahaba, dia mpitory teny mpanara-drian-drano anankiray, na lehilahy iray izay miditra sy mivoaka. Tena tahaka ny maro amin'ireo mambram-piangonana matimaty amin'izao andro izao mihitsy, ireo olona, miditra sy mivoaka; ao amin'ilay fiangonana amin'izao andro izao, rahampitso ianareo dia afaka manantena azy ireo na aiza na aiza; manao marimaritra iraisana, mitsahatra, mandeha miaraka amin'izao tontolo izao, nefa dia miantso ny tenany ho Kristiana. Ary Ahaba, tao amin'izany toerana izany, dia lavo teo amin'ny vehivavy kely tsara tarehy iray, na dia tena fantatra aza fa ratsy fanahy. Ary nanambady azy, ka nampiditra fanompoan-tsampy tao amin'ny Isiraely, tao amin'ilay fotoana maizina indrindra an'ny Isiraely, taona maizina. Ankehitriny, dia mahita isika fa mivoaka avy ao izy ireo miaraka amin'ny fototra varahina iray, dia nanohy, ary farany dia matimaty, nitohy mandra-pahatonga an'Andriamanitra nandoa azy ireo avy teo amin'ny Vavany ka nanaiky an'ireo Jentilisa.

50 Ary ankehitriny dia mahita isika fa izy ireo dia nanomboka hatrany amin'ilay voalohany, ny—ny Fiangonana Efesiana, tamin'ny fiandohana, tao amin'ilay taonan'ny fiangonana; nanomboka nangatsiaka ilay fiangonana manaraka ary dia lasa matimaty; nanohy, ary dia taona maizina. Ary tena tahaka—tahaka ny tamin'izany andro izany, izay nanambadian'i Ahaba mpanompo sampy iray, Jezebela, ka nampiditra ny

fanompoan-tsampy tao amin'ny Isiraely; dia toy izany koa ny Protestantisma dia nanambady ny Romanisma, ny Katolisisma, ary nampiditra ny fanompoan-tsampy tao amin'ny fiangonana. Nandalo teo amin'i Martin Luther; nankao amin'i John Wesley; tonga tao amin'ny Pentekosta; ary nivoaka, hany ka naloan'ny vavan'Andriamanitra mihitsy aza; ary averin'Andriamanitra amin'ny Jiosy indray izany, tena tanteraka mihitsy.

51 Ankehitriny, fantatro fa izaho dia. . .Milaza ianareo, ankehitriny, fa izaho dia mpanao tandindona iray. Marina izany. Satria, fantatro, zavatra anankiray no fantatro, raha mandeha manatona ny aloko aho ka mahita hoe tahaka ny inona ilay aloko, dia manana fiheverana iray aho hoe toy ny inona aho; raha biby manan-tongotra efatra aho, na vorona iray feno volo, na inona ilay izy na inona, dia hanome aloka izany.

52 Ary ny Testamenta Taloha dia aloka iray an'ilay Vaovao. Nanana an'izany isika omaly hariva, tao amin'ny Apokalypsy 12, ilay vehivavy niaraka tamin'ny lalàna teo ambanin'ny tongony, ilay volana sy ny masoandro teo amin'ny lohany, dia tandindona iray. Ahoana, ireo zavatra rehetra ireo, Hebreo ny toko faha-11 no milaza amintsika, fa tandindona sy aloka izy ireo. Mino aho, fa ny Hebreo 12, hoy izy hoe, "Mahita fa isika dia voadidina vavolombelona maro toy ny rahona, dia aoka isika hanaisotra izay rehetra mitambesatra, sy ny ota izay mora mahazo antsika, mba hahafahantsika mihazakazaka amin'ny faharetana an'ilay hazakazaka izay napetraka eo anoloantsika." Ankehitriny, dia hitantsika ireo zavatra ireo. Avy eo omaly folak'andro . . .

53 Noraisintsika indray teto, mba hahitana, na—na, afak'omaly folak'andro. Hitantsika àry, fa, ilay fiangonana voalohany, hoe ahoana no nanombohany. Notokanana izy ary nanomboka tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa narotsaka teo amin'ireo mpino ny Fanahy Masina. Ary hitantsika ny fihetsik'ireo mpino, sy ny hoe ahoana no niasan'Izany teo amin'izy ireo, sy izay nataon'izy ireo, ary ireo famantarana sy fahagagana izay nanaraka azy ireo.

54 Avy eo dia hitantsika, teo amin'ny famaranana an'io taonan'ny fiangonana io, teo amin'ny telonjato taona teo, nampitsiry finoana hafahafa izy ireo teo anivony, nantsoina hoe, "ny foto-pampianaran'ny—ny Nikolaita." Avy eo dia hitantsika, fa izany dia ireo "asa," tamin'ny fiandohana.

Tao amin'ilay taonan'ny fiangonana manaraka, dia lasa "fampianarana" ilay izy.

Ary avy eo dia lasa "fanenjehana," tao amin'ilay taona maizina.

55 Avy eo dia nivoaka teo amin'ny lafiny iray, teto, ary hita fa izany no nikotrika ka nahafoy an'ireo fiangonana Protestanta izay nivoaka.

56 Avy eo dia niverina indray isika tamin'izany ka nahita fa ireo matimaty rehetra dia eto amin'ny faran'ilay taona, eto amin'*ity* ilany ity, fa izy rehetra dia mangatsiaka avokoa. Tena tahaka ny nataony tamin'ireo Jiosy mihitsy, dia toy izany koa no ataony eo amin'ireo Jentilisa; fangatsiahana arakaraky ny andehanany amin'*ity* làlana ity, ilay aloka, mihamatroka.

57 Tahaka an'izany mihitsy izy, tamin'ny andron'i Wesley, ary nentintsika izany tamin'ny omaly hariva, sy Lotera. Fifohazana lehibe toy ny inona no nanananareo, saingy, ny fihodinana manaraka, dia nanomboka nangatsiaka izany. Ny fihodinana manaraka, dia lasa nangatsiaka kokoa. Ary ankehitriny dia andiana fanekem-pinoana sy mpanaraka fomba fotsiny sisa ilay izy. Izay ny amin'io rehetra io. Hitanareo? Ary izany foana ilay naha-izy azy hatramin'izao. Noho izany dia izay no nampianarintsika.

58 Ankehitriny, henoy, tsara ankehitriny, mba hanananareo antoka hitadidy. Tsy manameloka ny olona Katolika aho, ary tsy manameloka ny olona Protestanta aho, fa avy amin'izy roa ireo no mivoaka ilay Taranak'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fifidianana. Ireo izay voatendry ho amin'ny Fiainana no hahita an'Izany ary handeha ao amin'Izany. Ireo izay tsy mahita, dia handeha ao anatin'ny aizina. Miankina amin'Andriamanitra izany. Andriamanitra no manao an'izany. Nianiana Izy ary nampanantena an'i Abrahama fa Izy no hamonjy azy sy ny Taranany. Ankehitriny, raha manana ny Voan'i Abrahama ianareo, dia manana ny Fiainana Mandrakizay ianareo, izay ihany, ary ianareo no mpandova araka ny teny fikasana. Ary izany rehetra izany dia nohon'ny fahasoavana sy nohon'ny fifidianan'Andriamanitra.

59 Ankehitriny mariho, eto amin'ity eto ity. Ary izaho indraindray fotsiny dia . . . angamba raha nitory teny betsaka aho, na nampianatra betsaka. Efa an-taonany maro izany. Ity no fivoriana fampianarana voalohany izay nananako, nandritry ny valo taona teo ho eo izao. Ary ity dia misy kely, angamba marokoroko kely eo aminy, tsindraindray. Na oviana na oviana ianareo no—ianareo no . . . Apetraho amiko izay fanontaniana tianareo apetraka; apetraho eto amin'ny lampihazo izany, na ny polipitra, fa dia ho faly aho handray an'izany.

60 Ankehitriny mariho. Fa izay rehetra fantatro ny amin'Izany, dia tsy nianatra an'Izany avy tamin'ny olona mihitsy aho, avy tamin'ny seminera iray. Nivavaka aho mandra-pahazoako ny fanambarana ny amin'izany, ary tsy maintsy nampitahaina tamin'ny Tenin'Andriamanitra izany.

61 Ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nanana fomba telo izy ireo ny amin'ny fahafantarana hafatra anankiray. Ny fomba voalohany izay hitan'izy ireo, dia raha voasoratra tao amin'ny lalàna ilay izy; ny zavatra manaraka dia mpaminany iray izany; na ny zavatra manaraka dia ny Orima Tomima. Ankehitriny ny

mpampianatra rehetra dia mahafantatra hoe inona izany Orima Tomima izany. Izany dia ha—hazavana iray izay nanjelanjelatra teo amin'ny aron-tratran'i Arona, izay nahanton'izy ireo tao amin'ny tempoly. Ankehitriny, raha naminany ny mpaminany iray, ka tsy nanjelanjelatra teo amin'ny Orima Tomima ilay Hazavana, dia diso ilay izy. Izany no valiny Masina iray avy amin'Andriamanitra, "Diso ilay izy." Avy eo izy ireo raha . . . Raha nanonofy nofy iray ny mpanonofy, ka tsy nanjelanjelatra teo amin'ilay Orima Tomima izany, dia diso ilay izy.

62 Ankehitriny, dia efa foana ilay Orima Tomima, ao amin'io endrika io, fa *Ity* no Orima Tomiman'Andriamanitra ankehitriny, ny Baiboly. Raha mpaminany iray, na mpanonofy iray, na inona izy na inona, na mpampianatra iray, no tsy mametraka ny fotokeviny tanteraka eo amin'ny HOY NY TOMPO HOE, dia tsy mino an'izany aho, hitanareo. Tsy maintsy miseho *Eto* mihitsy izany, manomboka amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy, tsy hoe toerana anankiray fotsiny. Tsy maintsy miseho manerana ny Baiboly izany ary mamehy an'Izany miaraka tanteraka. Eny, tompoko. Izany dia tsy maintsy mifanaraka tsara amin'ny sisa rehetra amin'Izany, ary mamatotra an'Izany miaraka daholo. Raha tsy izany no ataonareo, dia afaka maka zavatra anankiray ianareo ka milaza hoe izany no afo fandiovana, ary mitory ny Katolisisma avy ao amin'ny Baiboly. Fa tsy maintsy mifanaraka manontolo manomboka amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy izany, manao an'ilay sary hazava. Marina izany.

63 Ary ny Fanahy Masina no hany Tokana Izay manasa an'Ity sary ity ho anareo, raha hamela Azy fotsiny hanao an'izany ianareo. Hitarika anareo ao amin'ny Hazavana rehetra Izy. Ny Baiboly no nilaza an'izany. Jesosy no nilaza fa Hataony izany.

64 Ankehitriny mariho raha . . . Eo indray koa, ankehitriny, dia hitantsika izay nataon'izy ireo teo. Avy eo, afaka kelikely, dia nahazo fampianarana iray izy ireo. Nahazo ny fanenjehana izy ireo. Nivoaka izy ireo.

65 Ary avy eo dia hitantsika, fa amin'izao andro ankehitriny izao, fa ny Baiboly no nilaza mialoha fa hisy ny fotoana iray izay handraisan'ny olona marika iray, dia ny mariky ny bibidia.

66 Isaky ny misy zavatra kely anankiray misidina eo amin'ilay firenena, dia hoy ny olona rehetra hoe, "Izany no mariky ny bibidia." Rehefa ilay tranainy . . . Vao avy notendrena aho tao amin'ny fiangonana Batista, rehefa nandre mikasika ny N.R.A. aho. Eny, ny olona rehetra dia nanao hoe, "Izany no mariky ny bibidia." Ary avy eo ny zavatra rehetra dia nanomboka nanohy hoe, "Io no mariky ny bibidia."

67 Ary ankehitriny dia hoy izy ireo hoe, "Indro fa tonga i Rosia, ny kaominisma, io no mariky ny bibidia." Saingy, lainga izany. Tsy izany no mariky ny bibidia. Ny Baiboly no milaza hoe inona izany mariky ny bibidia izany. Ny mariky ny bibidia dia

tsy hetsika lehibe fanoheram-pivavahana fanoheram-pirenena tahaka an'izany. Tsy i Rosia no kaominisma; ny kaominisma dia fanahy iray. Izany dia ny rehetra . . . Isika tsy—tsy tokony hiahiahy ny amin'i Rosia.

68 Ilay fahalovantsika manokana no mamono antsika. Ny kaominisma no mitsofoka eo anivon'ireo fiangonantsika sy ny zavatra hafa, fantatrareo izany, ao amin'ireo sekolintsika, ao antranontsika, na aiza na aiza, ao amin'ny firenentsika. Ny zavatra manontolo dia lanin'ny olitra fotsiny. Tsy ilay menatratra izay mitsaingoka ny paoma no manimba azy; ilay izy dia ny olitra ao amin'ilay atiny no mikiky ny paoma. Izany ilay izy, izany dia ilay fahalovana eo anivontsika fotsiny. Mandeha, miantso ny tenantsika hoe Kristiana, dia manao tahaka an'izao tontolo izao, sy miakanjo tahaka an'izao tontolo izao, ary mandray anjara amin'izao tontolo izao, dia miantso ny tenantsika . . . Marary sy leo an'izany izao tontolo izao. Ary tsy izao tontolo izao ihany, Kristiana maro, ihany koa. Eny.

69 Hoy aho matetika hoe, "Andriamanitra anie hanafaingana ny andro izay hahatonga ny olona eo amin'izay haha-izy azy ireo. Raha nanohitra Azy aho, dia hiteny aho fa nanohitra Azy, hanohitra Azy amin'ny zavatra rehetra arak'izay azoko hatao aho." Saingy momba Azy aho, ary tiako Izy, ary mino Azy aho. Ary—ary ny fiainako dia eo an-Tànany, hanao izay rehetra Tiany hatao, satria mino aho fa ny Kristianisma no Fahamarinana. Marina izany. Mino aho fa izany no Fahamarinana.

70 Teo am-pitetezana an'izao tontolo izao, ary nahita an'izany tao amin'ireo isma samy hafa, sy ny sisa, ireo mpanorina azy rehetra dia maty avokoa ary mandry ao am-pasana, ary manana teolojia izy ireo. Saiky mbola lavitra noho izany mihitsy no alehan'ny fiangonana Kristiana miaraka amin'izany, na izany aza.

71 "Fa ireo izay mahafantatra ny Andriamaniny kosa no hahavita zava-dehibe." Ary ny Herin'i Jesosy Kristy nitsangana no mitoetra ao amin'ilay olona. [Nandondona in-enina ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Marina izany. Tsy maty Izy; nitsangana Izy. "Homba anareo aho, ho ao aminareo mihitsy aza, ary ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa." Eny, tompoko.

72 Avy eo izao tontolo izao dia mijery ka manao hoe, "Fanatisma." Hitanareo izay nandraisantsika an'izany omaly hariva, nohon'ny fanampian'Andriamanitra.

73 Ankehitriny, dia hitantsika fa ny zavatra voalohany izay hany nitsangana mba hanao ny endrika iray an'ny bibidia, mihitsy, na . . . Ny *bibidia* dia midika hoe "hery." Nodinihantsika ireo marika rehetra sy ny sisa, omaly hariva, mba hanaporofoana fa ny bibidia dia hery. Ary tsy nivoaka avy tao Rosia izany. Nivoaka avy tao Roma izany. Marina izany. Avy tao Roma izany.

74 Ary izany dia tsy—izany dia tsy vondron'olona. Tsy rafi-pandaminana ara-politika izany. Toerana ara-pivavahana izany. Izany dia fiangonana iray izay "mipetraka eo ambonin'ny havoana fito," miaraka amin'ny lehilahy anankiray izay nanana hery mifehy an'izao tontolo izao, ao anatiny ao. Tena marina. Ary hitantsika fa vehivavy izany, ary nataontsika sary tena mazava izy. Tsy hoe mandray ny fandikako manokana; fa mamaky fotsiny ny Baiboly. Fa, tsy misy toerana hafa eto amin'izao tontolo izao, tsy misy tanàna hafa eto amin'izao tontolo izao, izay manapaka ny tany rehetra. Ao amin'ny firenena tsirairay, dia io harato vy an'ny Romanisma io no misandrahaka tahaka an'ireo rantsan-tongotra folo ao amin'ny fahitan'i Daniela, ary hitantsika fa izany dia ny Tanànan'i Vatican.

75 Fara-fahakeliny dia Katolika roa ambin'ny folo no nipetraka teto omaly hariva. Nipetraka tsara izy ireo ary nihaino. Tso-po izy ireo. Noana izy ireo.

76 Ankehitriny, tsy afaka miady hevitra amin'ilay pretra ianareo. Tsy hiady hevitra izy, satria, ny pretra dia hoe, "Raha miteny zavatra hafa ankoatr'ity Baiboly ity ny fiangonana, dia ny fiangonana no marina." Ho ahy, dia ny Baiboly no marina fa ny fiangonana no diso. Hitanareo? Tsy afaka hiady hevitra amin'izy ireo ianareo. Izy ireo, ianareo dia . . . Tsy misy fomba hiadian-kevitra. Tsy misy fomba hiresahana na hifamaliana. Satria, izy ireo dia mino hoe, "Izay lazain'ny fiangonana, dia izay no izy! Izay no izy, izay lazain'ny fiangonana, tsy mampaninona izay lazain'ny Baiboly. Izay lazain'ny fiangonana no izy!" Mino ny fiangonana izy ireo. Isika mino ny Baiboly.

77 Ankehitriny dia hitantsika fa izy dia nantsoina . . . Ilay fiangonana dia vehivavy iray. Ary izy dia nantsoina hoe ilay ambany, teny ratsy hoe "MPIVARO-TENA," ary avy eo izy dia "ILAY RENIN'NY MPIJANGAJANGA." Ary hitantsika fa ny fiangonana Katolika no renim-piangonana voalohany. Izy dia arak'izay nolazainy tanteraka fa naha-izy azy. Izy no fiangonana voalohany hany voarafitra. Oviana Andriamanitra no mba nanao fivavahana voarafitra, fa ny fiangonana Katolika izany. Ny rafi-pandaminana voalohany izay hany voarafitra teto amin'izao tontolo izao, an'ny fivavahana Kristiana, dia ny fiangonana Katolika. Ankehitriny . . .

78 Ary avy eo, farany, izy dia "RENIN'NY MPIJANGAJANGA." Niteraka an'ireo fiangonana izy, taoriany, satria tsy nety ho zazalahy izy ireo. Tsy maintsy ho zazavavy izy ireo, ary hitantsika fa ny fiangonana Protestanta no vokatra avy ao amin'ny fiangonana Katolika. Amin'ny alàlan'ny fizahana ny Soratra, sy mijery ny bokin-tantaranareo, dia hitantsika fa ny fiangonana Protestanta no vokatra. Ary ny Protestanta dia tsy afaka ny hitabataba amin'ny Katolika, satria, izy roa, dia milaza fa izy ireo dia "MPIJANGAJANGA" sy "MPIVARO-

TENA." Ambany izany, saingy izany no HOY NY TOMPO HOE. Marina izany.

79 Diniho, avy eo dia hoy izy hoe, "Ndao isika," ao Etazonia, dia hoy izy ireo hoe, "ndao isika hanao sary iray ho an'ny bibidia." Raha hery iray ny bibidia, ary ny hery dia rafi-pandaminana iray; tsy mandray foto-kevitra intsony ankehitriny. Izany no Tenin'Andriamanitra. Ny rafi-pandaminan'ny fiangonana Katolika dia nandrafitra ny tenany miaraka ary nanao fa-. . . nanaiky. Ary izy ireo dia nametraka, an'ilay antsoiny hoe, ireo "ray voalohany" miaraka, ary nandrafitra ny fiangonana Katolika, ary nanao ny—ny—ny—ny fombam-pivavahana, sy izay ninoan'izy ireo ary izay tiany nampianarina, finoana maneran-tany. Ary notereny tamin'izany ny olona, tamin'ny alàlan'ny fanasaziana.

80 Ary avy eo rehefa nivoaka i Martin Luther, dia nahita fa ny Fanahin'Andriamanitra no nitarika azy hivoaka. Raha tokony namela ny olona hijanona ho afaka, dia nandrafitra an'ilay fiangonana izy; sary iray mitovy amin'ny an'ny bibidia, hery ara-politika iray mitovy amin'izany. Raha tokony namela ny olona handeha araka ny hazavana omen'Andriamanitra, dia nandrafitra hoe eo ambanin'ny fitsipika iray izy ireo, ary tsy maintsy mijanona eo amin'izany fitsipika izany izy ireo.

81 Nifindra avy hatrany tao amin'ny fiangonana Metodista Andriamanitra. Ny Metodista dia nanana fifohazana iray izay nitety an'izao tontolo izao; niaraka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina, nampianatra ny fanamasinana. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, rehefa nanao an'izany izy ireo, dia nandrafitra fiangonana iray, nanao sary iray ho an'ny bibidia, marina izany, hery iray ara-politika, voarafitra, mba hanajamba ny olon'Andriamanitra ho amin'ny fanekem-pinoana iray; raha tokony halalaka mba hanompo sy handeha ao amin'ny hazavana araka ny nilatsahan'ny hazavana teo amin'ny làlan'izy ireo.

82 Naveriny izy ireo, tao amin'io taona io. Izany dia hazavana tsara ho an'io. Izany no hazavana ho an'ny—ho an'ny fiangonana Pergamosy.

83 Saingy ahoana ny amin'ny fiangonana Filadelfiana? Hazavana hafa anankiray izany. Fa, hitanareo, tsy nijery an'izay hoe impiry izy ireo no nifandrafitra, fa Andriamanitra dia nifindra avy hatrany tao amin'*ity* taonan'ny fiangonana ity, na izany aza, nandefa lehilahy anankiray, nantsoina hoe John Wesley. Tsy afaka nanaraka an'izany i Lotera, satria tsy nino an'izany izy. Efa voarafitra *teto* aoriana teto izy.

84 Avy eo dia tena nandrafitra loatra i John Wesley, ka tonga teo amin'ny toerana iray. Izany no fotoana ho an'*ity* taonan'ny fiangonana ity hidirana. Nandefa ny vondrona Pentekotista Andriamanitra; nivoaka teto niaraka tamin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Oh, hoy ny Metodista hoe, "Ah-oh. Hah! Tsy afaka mikambana amin'Izany izahay. Hah-ah! Tsy

mino an'izany karazan-javatra izany izahay. Oh, tsia." Nahoana? *Ity no* hazavana izay nandehanan'izy ireo, *eto; ity no* hazavana ho an'ny *eto* ankehitriny.

85 Mandeha mankany amin'ny filentehan'ny masoandro isika. Tsaroanareo ve izay nolazain'ny mpaminany? "Izany dia ho andro iray izay handrahona, sady tsy alina na andro, fa amin'ny hariva dia hisy Hazavana." Ilay Hazavana izay namiratra fahiny tany amin'ny firenena tatsinanana teo amin'ny Jiosy, tany amin'ny tatsinanana (ny Jiosy dia vahoaka tatsinanana), dia mamiratra eo amin'ny Jentilisa Izany; ilay Hazavana iray ihany, ilay Fanahy Masina iray ihany, eto amin'ny andro farany eto, ilay batisan'ny Fanahy iray ihany. Efa nodinihantsika daholo ireto taona ireto hatreto, izay sady tsy fotoan'ny Hazavana no tsy aizina, fa mandrahona, andro maizimaizina; fa *eto* mihitsy kosa, dia tahaka ny namiratan'ilay Hazavana tena mitovy tamin'izay namiratany tany.

86 Izany no antony hoe, "Izy dia mitovy amin'ny jaspy sy vato manganohano; Alfa, Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafarana; Izy Izay Nisy, Izay Misy, ary Ho Avy; ilay Fototra sy Solofon'i Davida; ilay Kintan'ny Maraina." Io ilay izy. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Antenaiko fa hitanareo izany.

87 Ary, tsarovy, fa nahita isika, tsy nisy fahadisoana anankiray, fa ny mariky ny bibidia dia marika iray an'ny fihemorana, izany hoe, mambran'ny fiangonana mifikitra amin'ireo fiangonany raha tokony handeha ao amin'ny Hazavana. Nolavin'izy ireo ny Hazavana, ary tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy aizina. Marina izany, ny Katolika sy Protestanta. Misy ny "bibidia iray, sy mpivaro-tena iray," ary izy dia nanana zanakavavy "mpijangajanga." Ary ireo zanakavavy mpijangajanga ireo, rehefa teraka izy ireo, dia virijiny avy tao amin'ny Hazavan'izany andro izany, ary nandrafitra izy ireo ka nitondra ny olona teto, niverina teto, nanao azy ireo ho karazan'ilay zavatra mitovy tamin'i Roma tany am-piandohana. Ny Baiboly no nilaza an'izany. "Ny bibidia; sy sary iray ho an'ny bibidia; ilay literan'ny anarany," sy ny sisa.

88 Toy ny ahoana no nandinihantsika an'ilay zavatra manontolo, omaly hariva, sy ny Baiboly mazava tsara . . . tsy foto-kevitr'olona. Fa ny Baiboly no nampiseho azy, fa ilay bibidia manana loha-fito, tandroka-fito dia avy [Mety ho elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] ao Roma, tao Roma tao, ary dia "izy ilay teo, ilay tsy eo intsony; ary ilay eo, fa tsy eo intsony," papa anankiray aorian'ny iray hafa, papa anankiray aorian'ny iray hafa, ary dia hiditra ao amin'ny fahaverezana. Ary hitantsika fa io vehivavy antitra io ihany no niteraka zazavavy maro. Virijiny izy ireo tany am-piandohana, nandeha tao amin'ilay Hazavana izay nananany. Ary avy eo izy ireo dia nanao tahaka ny mpijangajanga, ary niverina indray nanao an'ilay zavatra

mitovy amin'ny ataon'ny mamany. [Mandondona ny polipitra indroa Rahalahy Branham.] Izany tokoa. Izany tokoa.

89 Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, ry vehivavy. Henoy. Mety tsy dia manana fahatokiana betsaka amiko ianareo ankehitriny, rehefa manapoaka an'ireo zavatra ireo aho. Ary izany dia tsy ny handratrana anareo; izany dia ny hanampiana anareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fa rehefa mahita ny olona ianareo, ireo fiangonana amin'izao andro izao, mamela an'ireo vehivaviny. . . Ankehitriny, izaho—izaho dia ho tonga eo amin'ireo lehilahy, ihany koa. Fa ny mamela an'ireo vehivaviny hanao ny fomba izay ataon'izy ireo amin'izao andro izao, nefa dia manambara ny Kristianisma! Tsy manome tsiny anareo vehivahy aho; hanao aho, aorian'izao hariva izao. Fa, jereo, izaho—izaho tsy manome tsiny anareo vehivavy ankehitriny. Fa, ry anabaviko, maro amin'ireo mpampianatry ny seminera eto, na ireo mpampianatra fasana, na inona na inona iantsoanareo azy, avy any ho any eto, no mamela anareo fotsiny handeha ao anatin'izany fitapitaka izany. Hoy ny Baiboly hoe, "Jamba izy ireo, izay mitarika jamba." Marina izany. Ankehitriny. . .

90 Ary, Jesosy, eo am-pahitana an'izany, sy mahafantatra fa ny sasany amin'ireo fiangonana Protestanta dia handeha avy hatrany hatreo amin'ilay vavahadin'ny Hazavana, ary hihodina. Jesosy, ao amin'ny Matio 24:24, dia nilaza fa ho toy izany ilay izy, "Ilay antikristy dia tena hifanakaiky tahaka an'ilay tena izy, hany ka hamitaka ny tena Voafidy izy, raha azo atao."

91 Ankehitriny, hitanareo, ny Romanisma, ny Katolisisma, oh, izany dia mikapoka ny sasany aminareo Protestanta eo amin'ny loha. Saingy, ny olona iray izay manana fahasoavana bitika kely ny aminy, kely. . . mahafantatra kely ny amin'ny Baiboly, dia hiala izy ka hanalavitra. Marina izany. Ny fisehony dia ratsy aminy; fantany fa tsy misy na inona na inona eo amin'izany, io karazan-javatra rehetra izay ampianarin'izy ireo io. Tsy misy Soratra ho an'izany; hatramin'izay ka hatramin'izao, dia maka kely izy ireo.

92 Ny lainga lehibe indrindra izay hany notenenina, dia nanana Fahamarinana be dia be tao aminy. Marina izany. Ary ny voalohany, dia Satana niresaka tamin'i Eva, niteny Marina be dia be izy. Saingy izy dia toa nanana, teo amin'ny faran'ilay izy, dia nanana lainga iray izy izay nanameloka azy, sy nanimba ny taranaka manontolo, ny zava-boahary manontolo. Marina izany.

93 Mila mitandrina an'izany ianareo. Izany dia tsy maintsy ho Fahamarinana *eto* ary Fahamarinana *eto*, Fahamarinana *eto* ary Fahamarinana *etsy*. Ny kely tsirairay amin'izany, ny Fahamarinana; mahitsy mitovy, hatramin'ny farany.

94 Ary avy eo dia ahoana no ahafahan'ny olona mahita an'ilay fiangonana voalohany tany fa nisy jiro niaraka tamin'ny fitoeran-jiro fanaovan-jiro teo, ary avy *eto* dia mahita an'ilay

zavatra iray ihany mitranga izay nitranga tany, ary ny Tenin'Andriamanitra no milaza fa izany dia hoe "Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio ary mandrakizay." Dia mandà an'izany? Izany no maneho fa nolavin'izy ireo ny Hazavana, ka mandeha ao amin'ny aizina; zavatra tokana ihany sisa no tavela.

95 Marina izany, ry rahalahiko. Tsy miteny an'izany aho mba ho lasa fetsy. Andriamanitra no mahafantatra an'izany. Fantany ny foko. Manana asam-panompoana iray aho, ary zavatra marobe eo anoloako. Ary mahafantatra fa indray andro any, eo amin'ny Hazon'ny Fitsarana, dia hamaly ho an'ireto zavatra ireto aho. Tena marina mihitsy izany. Raha hita fa mpiampanga sandoka aho, mpampianatra sandoka, amin'izay fotoana izay dia hanameloka ahy Andriamanitra. Marina izany. Fa raha mahafantatra ny Fahamarinan'ireo zavatra ireo aho, ka tsy miteny aminareo, dia hanameloka ahy Izy amin'izay fotoana izay, tena azo antoka.

96 Hoy izy tamin'ilay mpiambina, "Mitandrema! Raha tsy mampitandrina ianao, amin'izay fotoana izay dia izaho—izaho no hitaky eny amin'ny tànanao. Fa raha tena mampitandrina tokoa ianao, ka mandroso izy ireo, dia ho faty amin'ny otany izy ireo, fa tsy hitaky eny amin'ny tànanao aho. Ho afaka ianao."

97 Noho izany dia te-hitandrina tsara isika fa fantatsika hoe inona ny Fahamarinana, araka ny Baiboly. Ary toy ny ahoana no nanombohan'io taona io, ary inona no nataon'izy ireo, ary amin'izao andro izao dia mahita an'ilay fiangonana Protestanta tena ao tanteraka.

98 Jereo eto. Ilay izy dia efa mahazatra, efa ela izay, ary ianareo olon'ny fahamasinana, ratsy ho anareo vehivavy ny manapaka ny volonareo. Lasa inona mihitsy ny mikasika an'izany? Nefa ny Baiboly dia nilaza fa, "Raha misy vehivavy manapaka ny volony, dia manana zo ny vadiny hanome azy ny fisarahambady." Fampianarana tsotra, saingy izany ny Baiboly.

99 Ary ianareo vehivavy, mivoaka eto dia manadio ny tokontaninareo, manao akanjo fitondra miasa, ary miaraka amin'ny akanjon-dehilahy. Nefa ny Baiboly dia nilaza, ilay Andriamanitra Tsitoha no nanao hoe, "Ny vehivavy iray izay hanao fitafian-dehilahy, dia fahavetavetana iray, loto eo imason'Andriamanitra." Nefa dia ataonareo izany.

100 Ary mifoka sigara ianareo, mandeha any amin'ireo fandihizana sy fampisehoana ianareo, nefa dia mbola mikambana amin'ny fiangonana foana. Ianareo no mampiseho fa naharay karazan-javatra anankiray ianareo; tsy voaisy marika ianareo any An-danitra, ny Fanahy Masina. Afaka kelikely dia hiditra amin'izany isika, ka haneho aminareo hafa noho izany. Ankehitriny, zavatra kely fotsiny ihany izany.

101 Ary ianareo lehilahy, mandeha any am-piangonana, midina eny an-dàlambe miaraka amin'ny sigara eny am-

bavanareo, tahaka ny—ny omby vositr'i Texas, afa-tandroka. Ary manana . . . Tsy miteny an'izany ho vazivazy aho. Tsy mino ny fanaovana vazivazy eo amin'ny polipitra aho. Miteny aho fa izany no Fahamarinana. Midina eny an-dàlambe, dia hipetraka eo amin'ireo toerana, sy mandainga, sy mangalatra, ary mifampisoloky, nefa diakona ao amin'ny komitim-piangonana.

102 Mandeha any am-piangonana ary milalao an'ireny lalao banco ratsy ireny, izay tsy inona eto amin'izao tontolo izao fa loteria ratsy, ambany. Marina izany. Ary manao an'izany ianareo, nefa avy eo dia mitabataba mikasika ny filokana. Tena ratsy fotsiny ianareo, ao amin'ny fiangonanareo, ianareo Metodista, Batista, sy Pentekotista, na iza ianareo na iza izay manao an'izany. Marina izany. Ary fantatrareo fa izany no marina. Saingy inona ilay izy? Mameno fotsiny indray ianareo tahaka an'ireo mamanareo tany aloha tany. Tena ilay zavatra mitovy mihitsy, fa ny vilany dia tsy afaka miantso ny famanan-drano hoe mainty. Ary izany ilay fanahin'ireo zavatra ireo.

103 Fa tsy manana na inona na inona hanoherana ny olona Katolika aho. Tsy manana na inona na inona hanoherana ny Metodista aho, na ny Batista, na ny Presbyterana. Manana olona Andriamanitra, ireo Taranak'i Abrahama, any. Tsy fanoherana an'ireo olona ilay izy. Ilay izy dia mikasika an'ireo fiangonany, mandrafitra ny tenany any, ary manompo fiangonana izy ireo raha tokony ho Andriamanitra. Oh, ianareo Protestanta dia tsy te-hino an'izany, saingy ataonareo ilay izy, na izany aza. Hiteny aho hoe, Kristiana ve ianareo?

104 Eny, teto vao tsy ela akory izay, nanontany zazavavy iray Rahalahy Bosworth, hoy izy, "Kristiana ve ianao?"

105 Hoy izy hoe, "Kristiana? Homeko anao mba hahafantaranao, mandoro labozia isan-kariva aho!"

106 Eny, ankehitriny ianareo Protestanta ve dia mihevitra fa zavatra anankiray izany? Kristiana ve ianareo? "Homeko anao mba hahafantaranao, Metodista aho," na "Batista." Eny, tsy midika na inona na inona izany afa-tsy hoe ianareo dia nivoaka an'ilay androm-pahasoavana, ho an'ny tenanareo, ho ahy; marina izany, raha izay fotsiny ianareo, Metodista fotsiny na Batista. Raha tsy Kristiana ianareo ao amin'izany Metodista izany, na Batista, na fiangonana Katolika, dia very ianareo. Marina izany. Noho izany dia io marina tokoa no marikareo.

107 Ireo marika roa ireo dia ara-panahy. Ankehitriny dia ho porofoiko aminareo izany amin'ny alàlan'ny Baiboly. Ireo marika roa ireo dia marika ara-panahy.

108 Olona maro no nieritreritra hoe, "Handeha manodidina eo izy ireo dia hanisy tombokavatsa eo amin'ny handrinareo, ary hanao tombokavatsa eo amin'ny tànanareo." Hitantsika, omaly hariva, fa lainga izany. Eny, tompoko. Diso izany. Ilay izy dia

marika ara-panahy. Izany dia—izany dia tena miafina mihitsy. Ary, jereo, matetika . . .

109 Ankehitriny dia fantatro fa mety hampisaritaka volo betsaka izao, ary izany—izany—izany dia toa mafy. Saingy izany—izany dia hanitsy raha isika fotsiny . . . sy hanome anjara kely ho an'Andriamanitra. Izaho—izaho tsy te-hiteny hoe henjana, fa izaho—izaho dia miezaka fotsiny ny milaza zava-misy, amin'ny foko rehetra.

110 Rehefa hitan'i Jesosy Kristy fa niendaka tamin'io fiangonana Katolika io ilay fiangonana Protestanta tany, ary nivoaka ka niverina avy hatrany, ary niverina nitodika mihitsy indray teo amin'ny fomba izay nataon'izy ireo, dia hoy Izy hoe, "Tena hifanakaiky ilay fanahy, hany ka hamitaka ny tena Voafidy izany . . . "

111 Efa fantatrareo ve, ry sakaiza Kristiana, fa ny antikristy, dia izany no mariky ny bibidia? Ny antikristy, ny tsirairay dia mahafantatra fa ny antikristy teo, izany dia ny marikany, dia ny . . . an'ny heriny. Ary, hitanareo, bibidia iray ilay izy, dia hery iray. Misy ny hery an'ny fiangonana Katolika. Misy ny hery an'ny fiangonana Metodista.

112 Nandeha aho, teto vao tsy ela akory izay, teo amin'ny lehilahy tena manaja tsara anankiray. Raha tsy diso aho, dia mipetraka ato am-piangonana mihitsy izy izao hariva izao. Ary tonga teto amin'ny fivoriana teto i Edith Wright kely sy ireo hafa, tsy any amin'ny roapolo maily avy eto amin'ity toerana ity. Ary, izahay, ny olona . . . Teo am-pitoriana ny Filazantsaran'ny famonjena fotsiny aho. Tsy maintsy nihanika teo ambonin'ireo fiara izy mba hahatongavana teo amin'ilay toerana. Ary tamin'io hariva io, dia nantsoin'ilay pasitera hivoaka tany ivelany avy hatrany aho, hoy izy, "Miala tsiny aho raha hiteny aminao, Rev. Branham. Fa izy ireo no niteny tamiko fa nanana olona marary vitsivitsy izy ireo tonga eto, ary ny lehilahin'ny distrikanay dia tonga ka nanao hoe, 'Tsy misy ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ao amin'ny fiangonana Metodista.' Noho izany dia tsy maintsy mandeha eny amin'ny lampihazo ianao, manala tsiny ny tenanao, ary mandao ny fiangonana." Marina izany.

113 Nahoana? Ilay herin'ny fiangonana Metodista. Izany no herin'ilay bibidia. Ny fiangonana Batista dia mitovy; Campbellite, sy Loterana, ary ny sisa amin'izy rehetra, sy ny Pentekotista, tena ratsy. Marina izany. Efa nanana an'ireo olona Pentekotista aho . . . Ary ireo Assemblées de Dieu dia miditra ao amin'ilay fiombonamben'ny fiangonana, izany dia a—a . . . Nampiraikitra fotsiny ny tenany eto mihitsy izy ireo, ary miaraka amin'ilay "reny" antitra mpijangajanga. Noho izany ny fiangonana anaram-piangonana tsirairay dia avy ao Roma avokoa. Io no renin'izany. Ary izaho dia tsy masin'ny Andro-

Farany, na Oran'ny Andro-Farany, na izay hiantsoanareo azy. Izaho tsy mila . . . Tsy anankiray amin'izany aho.

114 Fa izao no tiako lazaina, fa ireo lehilahy sy vehivavy dia tokony halalaka ao amin'i Kristy Jesosy, handeha ao amin'ny Hazavana. Ary ny fiangonana tsirairay dia tokony hitovy amin'izany. Marina izany.

115 Ankehitriny, mariho izao, ahoana ny Baiboly . . . Raiso izao. Io rafi-pandaminana io, tsarovy, fa eo no itoerany, eo mihitsy. Ary hitantsika, fa rehefa nanomboka ilay fiangonana Katolika tany, dia nandray ny batisa sandoka izy ireo izay nentin'izy ireo niaraka taminy, famafazana raha tokony ho batisa. Tsy misy Soratra anankiray ao amin'ny Baiboly mikasika an'izany. Ary tsy izany fotsiny ihany, fa ny Fanahy Masina, sy ny batisan'ny rano, sy ireo endrika, sy ireo titra, ary ny zavatra hafa, dia manao fakan-tahaka fotsiny an'ilay tena izy. Ary tsy misy mpitoriteny iray eto amin'ny firenena, izay afaka maneho amiko toerana anankiray izay efa mba nanaovana an'izany tao amin'ny fiangonana voalohany. Marina izany. Tsy ao amin'ny Baiboly izany. Saingy nivoaka niaraka tamin'izany izy ireo, ary dia miondrika amin'izany mihitsy isika. Hitanareo ve hoe miverina aiza avy hatrany isika?

116 Ary amin'izao andro izao dia manontany tena isika hoe nahoana isika no tsy manana fifohazana. Io ilay izy, rahalahy. Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia fifohazana iray tsara, an'ny andro fahiny, an'i Masindahy Paoly, sy ny Fanahy Masin'ny Baiboly miverina indray eto amin'ny firenena. Izany no ilaintsika. Ankehitriny . . .

117 Ary izy ireo dia nandray "ny mariky ny bibidia," na "ny literan'ny anarany," izay anaovan'izy ireo ny sariny. Ny sary dia ilay rafi-pandaminana tena tahaka ny fiangonana Katolika mihitsy. Nandrafitra an'izany izy ireo ary nanao sarin'ny fiangonana Katolika. Tsy sarin'izany ve ny fiangonana Metodista; ny fiangonana Batista, ny fiangonana Presbyterana, ny fiangonana Pentekotista, ny fiangonan'ny Fahamasinana, ny Mpivahinin'ny Fahamasinana, ny Mpirahalahy Miray? Ny tsirairay izay nandrafitra, dia naka modely avy teo. Tsy tao amin'ny Baibolin'Andriamanitra mihitsy izany. [Nandondona indray mandeha ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Marina izany. Rafi-pandaminana; mifandrafitra!

118 Andriamanitra no mpitarika. Raiso izany any amin'ny aoriana lavitra indrindra arak'izay tianareo. Jereo Isiraely, nivoaka avy tao Egypta.

119 Ary ireo Moabita rehetra izay nitsangana teo, mpanaraka fototra, nanatitra fanatitra; alitara fito, fito ny os- . . . ondry fito, milaza ny amin'ny fihavian'i Kristy; omby fito, fanatitra madio. Teo mihitsy, ilay mpaminaniny lehibe nitsangana teo, Balama, mba hanozona ny Isiraely. Ary teo Isiraely . . . Teo i Moaba, firenena lehibe anankiray. Teo ireo Amorita sy ny

rehetra, firenena lehibe anankiray, nifandrafitra niaraka toy ny firenena iray.

120 Ary Isiraely dia niparitaka tany an-tanety tany niaraka tamin'ny andiana trano-lay. Izy ireo dia "vahiny sy mpivahiny, mitady Tanàna iray ho avy," entitra tamin'ny maha-tsy anarampiangonana. Ary inona no nataon'izy ireo? Nanana an'ireo famantarana sy fahagagana izy ireo nanaraka azy. Fa ireto tsy nanana; ary nialona an'iretsy izy ireo. Fanahy izy ireo.

121 Ny Olony no esorin'Andriamanitra, fa tsy ny Fanahiny mihitsy. Nesoriny i Elia, fa ny Fanahiny tonga teo amin'i Elisa; an-jato taonany maro taty aoriana, dia tonga teo amin'i Jaona Mpanao-batisa izany; voalaza mialoha indray ho an'ny andro farany.

122 Ny toetrany no esorin'ny Devoly, fa tsy ny fanahiny mihitsy. Io mpampianatra ara-pivavahana iray io ihany izay nanameloka an'i Jesosy Kristy noho ireo Zava-mahagagany sy famantarana ary fahagagana, ka tsy nifanaraka Taminy teo amin'ny Soratra, no tena donto saina nandeha ka niteny Taminy ny amin'izany. Io fanahy iray io ihany no miaina mihitsy ao amin'ny mpampianatra momba ny fivavahana amin'izao andro izao . . . ? . . . voatendrin'Andriamanitra hiditra ao amin'ilay fanamelohana. Izany no nolazain'ny Baiboly. "Ireo lehilahy fahiny, voatendry mialoha ho an'izany fanamelohana izany, namadika ny fahasoavan'ny Tompo ho fijejojejoana." Tena marina tokoa izany. Ao amin'i Joda, ny faha-3 ny andininy faha-3 an'i—an'i Joda, no ahitanareo an'izany. Marina izany.

123 Mariho ireo zavatra rehetra manaporofo eo ireo, fa misy ny mariky ny bibidia. Eo no misy azy. Noho izany rehefa mihazakazaka manodidina eto ianareo ka manao hoe, "Eny, hasehoko hoe oviana no tonga ny mariky ny bibidia," dia mitandrema tsara mba tsy ho efa naharay azy sahady ianareo. Ary ireo efa maharay azy, dia ho voasazy ao amin'ny afo sy solifara, nararaka avy tao amin'ny kapoaky ny fahatezeran'Andriamanitra, mba hampijaliana andro aman'alina, mandrakizay ary mandrakizay. Zavatra iray tena matotra izany. Ankehitriny hanao ahoana ny fandosiranareo?

124 Hisy ny fotoana iray, izay tonga izao ankehitriny izao. Mariho, ary ao anatin'io rafi-pandaminana izay mihetsika io . . . Ankehitriny mamelà ahy hanome anareo ankamantatra kely eto. Ao anatin'io rafi-pandaminana izay mihetsika tahaka an'izany io, dia ho avy ny fotoana iray izay tsy maintsy hikambananareo ao amin'io rafi-pandaminana io raha tsy izany dia tsy hahazo hividy ianareo na hivarotra; raha tsy manana an'io mariky ny fihemorana io, mariky ny fiangonana. Tsy maintsy hikambana amin'ny rafi-pandaminana iray ianareo fa raha tsy izany ianareo dia tsy hahazo hividy na hivarotra.

125 Ary, henoy, ianareo olona izay mahafantatra fa izany no Fahamarinana. Izaho tsy miteny hoe mialà amin'ny

fiangonanareo. Tsy miteny na inona na inona manohitra ny anareo aho . . . mikasika anareo na mikasika ny mambranareo. Miteny mikasika an'ireo foibe aho, tany aloha tany rehefa nandrafitra an'ilay zavatra izy ireo, ka nanao an'izany, "Hanao an'*ity* izahay. Hanao an'*itsy* izahay." Ary mametraka an'io fitsipika mifono vy io izy ireo. Fa Andriamanitra no mandrovitra an'izany ho potipotika, ary maka ny Fiangonany hivoaka ao avy hatrany; ataony foana izany.

126 Jereo tao amin'ny fivahinianan'ny zanak'Isiraely. Nandrehitra afo izy ireo. Nijanona izy ireo isan'alina. Nihantona teo ambonin'izy ireo ilay Andry Afo. Ary tsy ahoako izay fotoan'andro na alina izay niaingan'io Andry Afo io, nitsoka ireo trompetra dia nangorona ny toby ny Isiraely ary lasa. Raha tamin'ny misasak'alina ilay izy, tamin'ny roa tolak'andro, na oviana ilay izy na oviana, dia nangorona ny toby izy ireo ary nanaraka an'ilay Andry Afo. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nanaraka an'ilay Afo izy ireo.

127 Eny, rehefa nahita an'ilay Afon'Andriamanitra nifindra i Martin Luther, dia nivoaka i Martin Luther, nanaraka an'ilay Afo nivoaka avy tao amin'ny Katolisisma. Fa nanorina teo ambanin'izany izy ary nandrafitra ny fiangonany, ary tsy afaka nihetsika izy.

128 Nitohy nanohy avy hatrany ilay Afo, ary nahita Azy i Wesley, ary nandeha nanaraka Azy izy. Marina izany. Navelan'ilay Afon'Andriamanitra nipetraka i Lotera. Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nanorina teo ambanin'Izany i Wesley, ilay fiangonana Metodista Wesleyana.

129 Ary avy eo dia tonga Alexander Campbell, John Smith niaraka tamin'ny Batista, sy ny sisa tahaka an'izany, sy Moody, ary io rehetra io. Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nanomboka lasa ara-pomba izy ireo, ary mavesatra, mangatsiaka, rehefa maty ireo mpaminany antitra, sy ny sisa. Tonga ity andiany vaovao ity tsy nisy afa-tsy fampianaran'ny seminera, ary tamin'izay fotoana izay, ny zavatra voalohany fantatrareo, tafiditra tao anatin'ilay tarta ireo tànana ary nandoto azy.

130 Ary nivoaka ny Fanahy Masina, ary ny Pentekotista no nahita Azy ka nanaraka izy ireo; marina, nitohy nanohy avy hatrany, nanalavitra an'ireo Metodista sy Batista, sy ny sisa. Ankehitriny dia ny zava-doza an'izay, saingy mba hahatanteraka ny Tenin'Andriamanitra, dia nandrafitra ireo Pentekotista, ary tena mangatsiaka sy tena ara-pomba mihitsy noho ny sisa amin'izy ireo. Saingy, jereo, tsy hisy taonan'ny fiangonana anankiray hafa intsony. Ny taona farany dia ny Taonan'ny Fiangonana Laodikiana, izay sady tsy mafana no tsy mangatsiaka. Saiky zara raha fivavahana fotsiny, rehefa mandeha ny mozika, mba handihizana ambony-sy-ambany eo

amin'ny lalantsara, ary avy eo dia mipetraka, mandeha mody ary miresaka mikasika ny mpiara-monina aminareo.

131 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia fanao tranainy anankiray, Fanahy Masina, nirahin'Andriamanitra handoro, fifohazana iray izay hanao anareo handry amin'ny tavanareo ka hiantsoantso, andro aman'alina, ary hitomany sy hidradradradra, sy manohy, noho ny fahotan'izao tontolo izao. Hiditra eo amin'izany isika. Marina izany.

132 Saingy eo izy ireo. Eo amin'izany fotsiny no misy antsika, matimaty. Hoy Andriamanitra hoe, "Mankarary Ahy ao amin'ny Vavoniko izany! Haloan'ny Vavako fotsiny ianareo." Izany ilay fiangonana, ilay fiangonana Protestanta, nolavina. Nolavina ilay fiangonana Protestanta; nanomboka teo amin'ny Pentekosta ka hatramin'i Lotera, ny tsirairay tamin'Izany. Ny Tenin'Andriamanitra no miteny an'izany.

133 Saingy avy tao amin'ny tsirairay avy tamin'ireo fiangonana ireo, dia naka Voafidy iray Izy. Naka an'ilay Voa nivoaka avy tao amin'ny tsirairay avy Izy, avy tao amin'ny Metodista, ny Batista, ny Presbyterana, ny Loterana, tao amin'io rehetra io, Katolika, sy ny rehetra. Naka ny sisa nanamborana Izy, naka vahoaka iray nivoaka.

134 Teto vao tsy ela akory izay, ramatoa kely iray no nandry teto mihitsy tao Louisville, Katolika, teo an-dàlam-pahafatesana. Nandeha tany aho. Ary hoy ilay pretra hoe, "Fahadalana, ny zavatra tahaka an'izao!"

Ary hoy ny vadiny hoe, "Mikisaha. Avelao izy hiditra."

135 Niditra tao aho. Ary ilay vehivavy dia natao hoe ho faty ny ampitso maraina. Raha teo am-pivavahana ho azy aho, dia tonga ny fahitana iray, ary nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE." Marina izany. Ny ampitso maraina . . . Nolazaiko taminy hoe afaka adiny firy ilay izy, tena marina tanteraka mihitsy, rehefa hody any an-trano izy sitrana. Nihomehezan'izy ireo izany, mba hamingavingana. Ary tamin'ilay ora izay notenenin'ny Fanahy Masina mihitsy, no nandeha nody izy vehivavy sitrana, ary salama tsara izy amin'izao fotoana izao. Katolika izy. Katolika izy ireo. Izy ireo *dia* Katolika.

136 Rehefa mandray ny Hazavana ianareo . . . Ao amin'ny Testamenta Taloha . . . Mamelà ahy haneho aminareo an'ilay marika ankehitriny. Henoy tsara, avy eo aho dia handeha hiditra avy hatrany amin'ny lohahevitro. Jereo, ao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa teo ambanin'ny fanandevozana ny andevo iray, ka avy eo izy nahazo . . . Novidiana izy teo, tamin'ny vidiny iray. Tsy maintsy nanompo an'ilay tompo izy mandra-pahatongan'ny taon-jobily. Ary rehefa tonga ny taon-jobily, dia nisy trompetra iray tsofina.

137 Ary rehefa teo ilay andevo, izy sy ireo zanany, ary ny vadiny sy izy rehetra dia te-hiverina any amin'ny taniny fahiny.

Nijadojadona izy ireo ao amin'ireo saha, ary ilay lehiben'ny mpiasa no mikapoka azy ireo, ary *eto* dia *etsy*. Ary amin'izay fotoana izay rehefa nandalo ilay mpisoron'ny jobily, nitsoka an'ilay trompetra, ary io mpisorona io no nitsoka ny trompetra, ka nandre an'ilay trompetra io lehilahy io. Afaka namela ny angadiny izy, afaka namela an'izay rehetra nataony izy, mijery ny tavan'ilay lehiben'ny mpiasa, ka manao hoe, "Tsy mahazo mamely ahy indray mandeha intsony ianao. Afaka aho." Lasa avy hatrany izy ary mody any an-trano. Nahoana? Misy ilay fitsofana ny jobily, rehefa ren'izy ireo ilay feo.

138 Ary ny Filazantsara izany, ny jobily, fa afaka amin'ny ota ianareo. Afaka amin'ireo fahazaran-dratsy rehetra ianareo sy ireo zavatra izay novokarin'izao tontolo izao tamin'ny anaran'ny fivavahana, teo ambanin'ny Protestanta sy ny Katolisisma, teo ambanin'ilay mariky ny bibidia. Marina izany. Afaka ianareo.

139 Tsy voatery ianareo. Saingy rehefa nandà ny handray an'izany io lehilahy io, amin'izay fotoana izay dia nentina niala teo io lehilahy io ho any amin'ny andrin'ny alitaram-piangonana, ary nandray marika iray napetaka teo aminy, asiana lavaka iray eo amin'ny sofiny. Ary mpanompon'io tompo io izy raha mbola velona koa.

140 Ary raha mandà ny hanaiky ny Hazavan'ny Filazantsara ianareo rehefa notoriana tamin'ny Herin'ny Fanahy Masina Izany, tamin'ny alàlan'ny Baiboly, dia afaka manisy tombokase ny tenanareo ho any amin'ny fiafaranareo Mandrakizay ianareo. Amena.

141 Ankehitriny jereo, zavatra kely anankiray koa, raha hamela ahy ianareo tamin'ny nanaovako fanamarihana fotoana vitsy lasa izay, mikasika—mikasika an'ilay lehilahy. Fa, jereo eto, "Hamitaka ny tena Voafidy . . . "

142 Ankehitriny, namely ny Loterana isika, Batista, sy ny sisa, ary ireo Katolika, ankehitriny dia mamelà ahy ho tonga eo aminareo olon'ny fahamasinana iray minitra monja. Hitanareo? Mino ny fahamasinana aho. Tsy maintsy masina ianareo. "Raha tsy misy fahamasinana dia tsy hisy olona hahita an'Andriamanitra." Tsy ny fahamasinako; fa ny Fahamasinany. Ary tsy misy na inona na inona azoko atao amin'izany; izany dia izay efa Nataony ho ahy. Tsy miankina amin'ny ahy manokana aho, satria tsy manana aho na iray aza, tsy miezaka akory aza aho ny hanana anankiray. Izaho tsy miezaka ny—ny ho izany.

"Miezaka ny hihazona ve ianao, Rahalahy Branham?" Tsia, tompoko.

143 Mitsotra fotsiny aho, ary mamela Azy hihazona. Marina izany. Izy no hany Tokana Izay mihazona. Mijanona maty fotsiny, izay ihany no tokony hataonareo. Hazony ho faty fotsiny ny tenanareo, Izy no hihazona. Efa nihazona Izy. Efa nihazona Izy hany ka hoy Izy hoe, "Tapitra ilay izy." Vita hatreo

izany. Mamela antsika manao an'ilay izy Andriamanitra, hitovy. Tapitra ilay izy.

144 Fa, ireo olon'ny fahamasinana, ianareo Nazareana sy Mpivahin'ny Fahamasinana ankehitriny, tsarovy. Teo ambanin'ny hery sy ny fivoahana avy tao amin'ny fiangonan'i Wesley, na ny fiangonana Metodista, rehefa nandrafitra izy ireo, dia nivoaka ianareo olon'ny fahamasinana, nanao hoe, "Hanohy ny fahamasinana izahay." Tena nahafinaritra izany. Nihazona fotsiny an'io taona io ianareo, io Taona Filadelfiana io, mandra-pahatongan'izany tao amin'ilay Laodikiana. Saingy rehefa tonga ny batisan'ny Fanahy Masina, ary niverina indray tao amin'ny fiangonana ireo famantarana, dia ianareo no niantso an'izany hoe "ny Devoly." Satria niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo ary nino an'ireo zavatra ireo, dia hoy ianareo hoe, "Avy amin'ny Devoly izany." Ary rehefa nanao an'izany ianareo, dia niteny ratsy ny Fanahy Masina ianareo.

145 Ahoana no ahafahako hiteny amin'ny tànako hoe, "Tsy mila anao aho"? Raha misy ireo mpampianatra, dia misy ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Raha misy ny evanjelista, dia misy koa ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana. Ahoana no ahafahan'ny tongotra hiteny amin'ny maso hoe, "Tsy mila anao aho"? Hitanareo? Ianareo, raha zanaka naterak'Andriamanitra ianareo, dia handeha ianareo ary hanaiky fa ny zavatra rehetra izay lazain'Andriamanitra dia marina. Handeha avy hatrany ao amin'ny Hazavana ianareo.

146 Rehefa tonga ny fotoana ho an'ilay Fiangonana mba hihetsika, dia nihetsika i Lotera. Rehefa tonga ny fotoana ho an'ilay Fiangonana mba hanetsika ny Tànany, dia nanetsika an'ilay tànana i Wesley. Rehefa tonga ny fotoana ho an'ilay Fiangonana hiteny, dia niditra an-tsehatra ny Pentekosta. Marina izany. Fa, ankehitriny, mariho.

147 Hoy ianareo hoe, "Ary ny tandindona?" Hoy ianareo hoe, "Misy ve ny tandindon'izany?" Eny, tompoko.

148 Fantatrareo ve fa i Jodasy Iskariota, ilay tena antikristy, dia tena lehilahy mpivavaka tokoa? Efa fantatrareo ve izany? Nanana fahatokiana azy betsaka tokoa izy ireo, ireo rahalahy, hany ka izy no mpitahiry volan'ilay fiangonana.

149 Ary nohamarinina tamin'ny finoana i Jodasy Iskariota, nino an'i Jesosy Kristy Tompo.

150 Nohamasinina tamin'ny alàlan'ny Teny izy. Hebreo, 17:17 . . . Ny tiako ho lazaina dia, Masindahy Jaona 17:17, "Amasino izy ireo, Ray, amin'ny Fahamarinana; ny Teninao no Fahamarinana." Ary Izy no Teny.

151 Ary nomena hery izy ireo mba handeha sy hitory ny Filazantsara, sy handroaka devoly, ary hanasitrana ny marary. Jodasy Iskariota, Matio 10, dia voatonona teo anivon'izy ireo. Ary nandeha izy ireo ka nandroaka devoly, sy nitory ny

Filazantsara tamin'izany fomba izany hany ka dia nibebaka ireo mpanota ary niala ny devoly. Ary niverina izy ireo nifaly sy nikiakiaka, ary nanana fotoana lehibe, tahaka ny fivoriana kely, an'ny tobin'ny fahamasinana. Ary Jodasy dia tena niaraka tamin'izy ireo. Tena marina tokoa izany, tena niaraka tamin'izy ireo foana.

152 Fa rehefa tonga ny fotoana ho an'ny Pentekosta, dia naneho ny lokony i Jodasy.

153 Teo no nanehoan'ilay fiangonan'ny fahamasinana ny lokony, teo mihitsy, ary nihodina avy hatrany ka nandà ny tena Fanahy Masina izay nitarika azy ireo tao amin'ny Rano lalina kokoa; nihodina ary nandà an'Izany. Fantatro fa izy ireo dia nahazo betsaka ny fana- . . .

154 Tsy Pentekosta aho. Tsy mbola nikambana tamin'ny rafi-pandaminana Pentekotista iray mihitsy aho, tsy mbola mihitsy. Nijoro teo amin'ilay elanelana aho. Tsy Pentekosta aho, Metodista, Batista. Baiboly Kristiana fotsiny aho. Izay ihany. Mino an'izay lazain'ny Teny aho. Ary tsy afaka mandà ny fanomezam-pahasoavan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aho; raha mandà aho, dia handà ny fampianarana sy ny fanomezam-pahasoavana sisa rehetra izay ara-tsindrimandry. Marina izany. Tsy manaiky an'ireo rahalahy Pentekotista mihitsy aho eo amin'ilay hoe "ny porofo tokana," dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Tsy manao an'izany aho. Ankehitriny, mety daholo izany, raha izany no fomba inoan'izy ireo azy. Raharahan'izy ireo izany, hitanareo, saingy tena mety tanteraka izany. Izaho . . . Hoy i Paoly hoe, "Tiako hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra daholo ianareo rehetra." Ho tiako ny hahita ny tsirairay ho eo akaikin'Andriamanitra.

155 Nahazo fanamboamboarana be loatra izy ireo, finoana sandoka be loatra. Nandeha teo izy ireo, matetika, ary nihetsika toy ny hoe nahazo ny Fanahy Masina izy ireo, ary niteny zavatra izay tsy fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra akory. Ny fiainan'izy ireo no nanaporofo hoe inona ilay izy. Saingy nisy kosa ilay vokatra tena izy izay nanohy fotsiny tsy niova, hatramin'ny farany.

156 Eny, nahoana ny Devoly no tsy afaka nanipy an'ilay fandrika, fandri-goaika? Azo antoka, hanao izy, hiezahana hanakana. Natsipiny ilay zavatra mitovy tao amin'ny fahamasinana. Natsipiny ilay zavatra mitovy tao amin'ny Metodista. Natsipiny ilay zavatra mitovy tao amin'ny andron'i Lotera. Ary atsipiny ilay zavatra mitovy amin'izao andro izao. Ary eo ambanin'ny herin'ireo fanomezam-pahasoavana, ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ary ireo fahafantarana, dia manipy an'ilay zavatra mitovy izy.

157 Fa midika inona moa izay fandroahan-goaika aminareo, raha afaka miresaka amin'ny firesa-borona ianareo? Hoy ireo vorona hoe, "Rehefa mahita fandroahan-goaika iray aho, dia

izany no tapakilan-tsakafo iray. Ireo paoma tsara indrindra izay misy, dia eo amin'izay toerana ipetrahan'ireo vatan-kazo sy izay iantonan'ireo fandroahan-goaika." Marina izany.

158 Saingy jereonareo hoe ahoana no nifindran'io fanahy io avy hatrany eto. Ary nijery Jesosy ka nahita an'izany mialoha teo amin'io fiangonana Katolika io, nivoaka. Hoy Izy, "Aza miantso olona ho rainareo. Aza manononononona foana, ireo zavatra rehetra ireo." Tonga Izy ka nanao hoe, "Mitandrema ankehitriny, tena hifanakaiky ilay antikristy hany ka hamitaka an'ilay tena Voafidy izy raha azo atao."

159 Jereo, rahalahy, virijiny firy no nandeha nitsena ny Tompo? Folo. Izy rehetra dia virijiny avokoa. Inona no dikan'ny hoe *manamasina*? "Madio, masina, virijiny." Izy folo ireo dia virijiny. Ny dimy dia tsy nanana Solika tao amin'ny fanaovan-jirony. Ny dimy dia nanana Solika tao amin'ny fanaovan-jirony. Ireto dimy *ireto* dia tena masina ary virijiny tahaka ny naha-izy an'*ireto*. Fa maneho inona ny *Solika*, ao amin'ny Baiboly, rehefa noraisintsika izany omaly hariva, na afak'omaly hariva? Ny Fanahy, "ilay Fanahy Masina." Nanadio ny tenany izy ireo ary nipetraka teo, saingy natahotra izy ireo ka nitsangana lavitra an'ilay Loharano izay nandraraka ny Solika. Hitanareo, nandrafitra ny tenany ary nipetraka, ary teo izy ireo, matimaty. Teo amin'izany no nandehanan'ilay taonan'ny fiangonana.

160 Ankehitriny, ankehitriny dia tonga eo amin'ny marik'Andriamanitra isika. Manana telopolo minitra aho, raha sitraky ny Tompo. Ankehitriny dia tiako ianareo hamadika miaraka amiko, aloha, ka hahita hoe zava-dehibe toy ny ahoana, ity marik'Andriamanitra ity.

161 Tsarovy hoe inona ilay mariky ny bibidia; tsy ny kaominisma. Ny mariky ny bibidia dia avy ao Roma, mankany amin'izao tontolo izao; ny Katolisisma, miaraka amin'ny Protestantisma mikambana amin'izany, fivavahana voarafitra. Ary hampiray an'ireo fiangonana izy ireo hany ka ny fiangonana tsirairay dia tsy maintsy hiondrika amin'izany zavatra izany, ny tsy anaram-piangonantsika dia ho voadaka ery amin'ny sisiny. Marina izany.

162 Apokalypsy ny toko faha-9 ankehitriny. Ndao isika hamaky tsara eto mandritry ny fotoana vitsy, raha sitrak'Andriamanitra, ka hahita izay Nolazainy ao amin'ny Teniny. Ankehitriny . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . an'ny—an'ny Apokalypsy, ary ny andininy faha-4. Henoy ity.

> *Ary nilazana izy ireo* (rehefa hitany ireo loza fa nararaka) *mba tsy hanimba ny ahitra amin'ny tany* na ny hazo . . . *na ny zava-maitso, na ny hazo; fa . . . ireo olona izay tsy manana ny tombokasen'Andriamanitra eo amin'ny* handriny.

163 Rehefa tonga ireo loza, ny zavatra tokana izay voaaro dia ireo izay vita tombokase tao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Izany no famotopotoram-pitsarana, rehefa ny olona . . . Ary raha hanampy ahy Andriamanitra, ao anatin'ny minitra vitsy dia hahita an'izany ianareo amin'ny alàlan'ny Tenin'ny Tompo, fa izao no fotoan'ny fanisiana tombokase an'ilay toerana. Ary ireo izay mandà an'Izany, dia tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy ny fanasaziana Mandrakizay.

164 Ankehitriny dia handeha ao amin'ny Testamenta Taloha isika. Ary ndao isika handeha eto, raha sitrakareo, ao amin'ny Bokin'i Ezekiela, raha sitrakareo, ary ndao isika hamaky vetivety amin'ny Ezekiela 9. Ankehitriny, amin'ny alàlan'ny fanampian'Andriamanitra ankehitriny, enga anie Izy hanampy antsika. Ary hipetraka tsara ankehitriny ho an'ny fampianarana, mandritry ny telopolo minitra manaraka fotsiny, raha sitrak'Andriamanitra. Ankehitriny ity dia milaza, marihonareo izany, Ezekiela 9, ity dia ny filazana . . .

165 Ny zavatra voalohany izay tsy maintsy alamintsika ankehitriny, dia ny hoe inona ilay Tombokasen'Andriamanitra? [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Tsy heverinareo ve fa tena ho zava-dehibe izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."] Tena Teny tsara ve ny Baiboly ho anareo? ["Amena."] Ankehitriny fantatro fa ianareo dia manana an'ilay, ireo izay manao hoe, "Mitandrina ny andro sabata izany," saingy tsy misy na dia pentin-tSoratra iray aza hanohanana an'izany, ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ndao jerentsika hoe inona ilay Tombokasen'Andriamanitra, mazava ho azy. Avadiho ao amin'ny Efesiana 4:30, 4:30, ary ny 1:13. Mariho io. Hoy ny Efesiana 4:30 hoe:

> . . .*aza mampalahelo ny Fanahy Masina, izay nanisiana tombokase anareo* hatramin'ny *andro fanavotana* anareo.

166 Ankehitriny, inona no dikan'ny hoe *fanisiana tombokase*? Ny fanisiana tombokase dia "mariky ny fahavitana." Marina ve izany?

167 Eny, efa mba nahita mpiasan-dalamby namatratra entana tao amin'ny vagao ve ianareo? Handeha izy ary hamatratra betsaka *eto*, ary betsaka *eto*. Tonga ilay mpanara-maso, mijery izy; ary raha *ity no* malalaka kely, mihetsika ilay izy, "Tsia. Tsy hanisy tombokase an'io aho. Tsy maintsy sintonina hivoaka io ary amboarina indray." Ny zavatra manaraka, dia hiezaka hamatratra an'izany indray izy; raha hataony ratsy izany. Tonga ilay mpanara-maso, "Ratsy. Amboary indray."

168 Ary izany no nataon'Andriamanitra tamin'ny Fiangonany hatramin'ny ela. Hamatratra ianareo, nefa ho any An-danitra ianareo; entinareo miaraka aminareo daholo ny zavatra rehetra. Ny lalaon-karatrareo, hah, ny zavatra hafa rehetra izay azonareo afatratra ao amin'ilay fiangonana, miezaka ianareo ny hitondra

an'izany miaraka aminareo. Melohin'Andriamanitra fotsiny izany; tsy vonona ho an'ny fanisiana tombokase.

169 Fa rehefa mahita olona iray Andriamanitra, manenina, torotoro fanahy, tsotra ao am-po, eto amin'ny alitara, dia Andriamanitra no manakatona ny varavaran'izao tontolo izao aminy, sy manisy tombokase azy ao amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina, ary maharitra mandra-pahatongan'i Jesosy izany; tsy hoe avy eo amin'ny fifohazana anankiray hatramin'ny iray hafa, fa, "hatramin'ny andro fanavotana anareo."

170 Rehefa ilay vagao, ilay varavarana, no mihidy, ka ny tombokasen'ny governemanta no mipetaka eo amboniny, dia tsy azo sokafana intsony izy mandra-pahatongany hatrany amin'ny fitodiany farany.

171 Ary ny olona rehetra izay teraka indray ka voaisy tombokase ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, dia tsy manana faniriana an'izao tontolo izao intsony mandra-pahatongan'ny andro handraisan'i Jesosy Kristy azy ao amin'ny Fanjakana. Noho izany raha tratry ny olana ianareo, ka milaza fa nahazo ny Fanahy Masina ianareo; na mikambana amin'ny fiangonana Metodista ianareo, fiangonana Batista, fiangonana Pentekotista; na mikiakiaka ianareo, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra; natao batisa nankany aloha, nankany aoriana, nofafazana; raha mbola manana an'ireo karazana olana ireo ianareo, dia tsaratsara kokoa aminareo ny miverina ka manamarina an'ilay famatrarana. Marina izany. Maka betsaka loatra ianareo miaraka aminareo; malalaka loatra ilay izy, mihetsika. Tsy hanisy tombokase an'izany amin'io fomba io Andriamanitra.

172 Rehefa latsaka amin'ny tany ny voam-bary iray, tsy mampaninona . . . Raha maty amin'ny tenany io voam-bary io, dia tsy afaka mamokatra tsipolitra izy, mba hamonjy ny fanahiny. Ny voam-bary iray dia hamoa voam-bary iray, tena azo antoka tahaka ny zavatra rehetra. Ary raha nafafy tamin'ny Voan'Andriamanitra tsy mety lo isika, dia ahoana no hamokaran'Izany zavatra hafa afa-tsy ny ain'ny Fiainan'i Kristy?

173 Ny Fanahy Masina izay mitarika ny Fiangonana, no mitarika an'Izany ao amin'ny Herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy, ary voaisy tombokase ianareo hatramin'ny andron'ny fanavotana. Izany no Baiboly. "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo." Efesiana 4:30.

174 Ankehitriny, talohan'ny nahatongavan'ny Fanahy Masina, dia voaisy tombokase izy talohan'ny nanombohan'ny taonan'ny Jentilisa. Voaisy tombokase izy teo ambanin'ireo fanaovan-jiro volamena ireo (nanana tabilao iray isika, mba hahazoana an'ilay izy) tany teo ambanin'io taona io.

175 Nitohy miandalana Izy niaraka tamin'izy ireo tamin'ny alàlan'i Abrahama, Isaka, Jakoba, Davida, sy ny rehetra hatreo amin'ilay taona maizina izay nananan'izy ireo tamin'ny andron'i Ahaba, nitohy nidina, Solomona, sy ny sisa, mandrapahatongan'izany teo amin'ilay toerana matimaty. Fa mialoha indrindra ny Namaranany an'io andro teo io, dia nanome hery lehibe an'ny Fanahy Masina Izy ho an'ireo Jiosy irery, "Aza mandeha any amin'ny làlan'ny Jentilisa, fa mandehana mankany amin'ny ondry very an'Isiraely." Marina ve izany? "Tonga tany amin'ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy."

176 "Fa izay nandray Azy, dia Nomeny Hery ho tonga taranak'Andriamanitra." Hoy Izy hoe, "Izaho no manome azy ireo Fiainana Mandrakizay." Ny *Fiainana* Mandrakizay dia avy amin'ny teny Grika hoe "Zoe." Ny Zoe dia io Fiainana io. Ny Zoe dia ny Fiainan'Andriamanitra. Ary raha ny Fiainan'Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo, dia mamokatra fiainana masina izany tena azo antoka tahaka ahy mitsangana eto amin'ity lampihazo ity. Ary ilay olona izay manana an'Izany, dia tsy mety maty intsony tahaka an'Andriamanitra tsy mety maty, satria Andriamanitra no ao anatin'ilay olona. Amena. "Izay mandre ny Teniko, ka mino Azy izay naniraka Ahy, no manana ny Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga eo amin'ny fanamelohana; fa manana ny Fiainana mandrakizay." "Izay mihinana ny Nofoko sy misotro ny Ràko, dia Izaho no hanangana azy amin'ny andro farany." Izany no Teniny. Fiononana toy ny inona ho an'ny mpino! Ary fanamelohana toy ny inona ho an'izay mandà ny handeha ao amin'ilay Hazavana.

177 Mafana, sa tsy izany? Eny àry, tsara Izany ho anareo. Mariho, jereo raha marina izao. Rahalahy, afaka handray an'izany isika, isan-Tsoratra, isan-kerinandro, isan-kerinandro, ka hijanona eo amin'izany, tanteraka . . . lohahevitra iray ihany, mandritry ny taona iray, nefa mbola tsy hahatafavoaka azy avy ao amin'ny Baiboly, izy rehetra, ary eo amin'ilay zavatra iray ihany fotsiny.

178 Ankehitriny ho an'ny sava-ranonando kely fotsiny eto, dia hiverina isika ka hahita hoe midika inona izany hoe mandà ny batisan'ny Fanahy Masina izany aminareo, inona no dikan'izany tamin'izy ireo tamin'izany andro izany.

179 Ankehitriny, ao amin'ny Ezekiela ny toko faha-9, nahita an'i Jerosalema ilay mpaminany. Ankehitriny tsarovy, miresaka ny amin'io elanelam-potoana eo io isika, ireo Jiosy, mialoha indrindra ny fiafaran'izy ireo.

180 Ankehitriny isika dia ao amin'ireo Jentilisa, eo amin'ny fiafaran'izy ireo. Avy eo isika dia hiditra ao amin'ny Arivo taona. Eny àry.

181 Fa ankehitriny dia diniho, eo amin'ny fiafaran'ny Jiosy ianareo ankehitriny. Mahita an'izany mialoha ilay mpaminany. Mbola zato taona izany, teo amin'ny valon-jato taona teo,

talohan'ny fihavian'ny Tompo, ary naminaniana tamin'ny alàlan'ilay mpaminany izany. Ankehitriny henoy tsara raha mamaky isika.

> *Niantso koa Izy teo amin'ny sofiko tamin'ny feo mahery, nanao hoe, Ilazao ireo izay mpiambina ny tanàna hanakaiky,* sy *ny olona rehetra miaraka amin'*ny fiadiana enti-mamono, na *fiadiana enti-mandringana eny an-tànany.*

182 Ankehitriny diniho tsara ankehitriny raha mamaky isika.

> *Ary, indro, lehilahy enina no tonga avy tamin'ny . . . vavahady ambony, izay manatrika* mankany *avaratra, ary ny lehilahy rehetra nitondra fiadiana* enti-mamono *iray teny an-tànany; ary* ilay *lehilahy iray teo anivon'izy ireo,* dia nanao akanjo fotsy, *nitafy* ny *rongony fotsy, niaraka tamin'ny fitoeran-dranomaintin'ny mpanoratra teo am-balahany: ary nandeha izy ireo . . . ka nitsangana teo* aloha, *teo anilan'ny alitara varahina.*

> *Ary ny Voninahitry ny* Tompo *Andriamanitry ny Isiraely dia efa niakatra niala teo amin'ny* kerobima, *izay nisy azy, ho eo amin'ny tokonam-baravaran'ny trano. Ary izy niantso an'ilay lehilahy nitafy* ny *rongony fotsy, izay nanana ny fitoeran-dranomaintin'ny mpanoratra teo am-balahany;* (henoy)

> *Ary hoy ny* Tompo *taminy, Mandehana eo afovoan'ny tanàna, eo afovoan'i Jerosalema,* (anjaran'i Jerosalema), *ka asio marika ny* handrin'*ny olona izay misento sy . . . mitaraina noho . . . ny fahavetavetana . . . atao eo afovoany.*

> *Ary* avy eo *hoy izy tao amin'ny* sofiko *tamin'ireo sasany, Mandehana . . . manaraka* azy ireo *mamaky ny tanàna, ka mameleza:* ary *aoka ny masonareo tsy hamindra fo, na hanana . . . antra:*

> *Aringano avokoa na antitra na tanora, ireo zatovo, . . . ireo zaza madinika, sy ireo vehivavy: fa aza mandeha* manakaiky mihitsy *an'*izay . . . *ilay marika; ary* izy *dia nanomboka teo amin'*ilay *fitoerana masina.* Ary . . . nanomboka *tamin'ny antitra* tamin'*ireo lehilahy izay teo anoloan'ny trano.*

183 Ankehitriny diniho ilay mpaminany tao amin'ny Fanahy, nentina tany amin'ny Voninahitra. Hoy Andriamanitra hoe, "Hasehoko anao hoe ahoana no handaminako an'ilay izy miaraka amin'ny Jiosy, alohan'ny hahatongavana any amin'ny Jentilisa." Vakio ilay andininy, na ilay toko alohan'io. Ankehitriny, rehefa tonga teo izy, dia hoy izy hoe, "Hitako . . ." Voalohany, hitany ny fahotana tao amin'ilay tanàna, izay tsy mbola hitany mihitsy tany aloha, ary hitany i Jerosalema. Ankehitriny tsarovy, natokana ho an'ny Jiosy irery ihany io,

fa tsy ny Jentilisa; ny Jiosy, sy ny renivohiny, Jerosalema. Tena tahaka ny omaly hariva fotsiny, hitantsika fa natokana ho an'ireo Protestanta ilay izy; ankehitriny, izao hariva izao, dia ho an'ny Jiosy izany. Hoy Izy hoe, "Mandehana mankao an-tanàna." Indro tonga ireo lehilahy miaraka amin'ny fiadiana enti-mamono teny an-tànany, nandroso mba hamono ny zavatra rehetra tao an-tanàna. Hoy Izy hoe, "Ankehitriny tazony fotsiny izany, iray minitra fotsiny."

184 Ary nivoaka avy teo ny Lehilahy anankiray nitafy fotsy. Ndao isika hijanona iray minitra. "Nitafy fotsy," fahamarinana, fahamasinana. "Nitafy fotsy," Izay nanana fitoerandranomainty teo amin'ny Valahany. Hoy Izy hoe, "Mandehana mankao an-tanàna aloha, alohan'ny hahatongavan'izy ireo, ary asio marika eo amin'ny handrina, marika eo amin'ny handrin'ny lehilahy rehetra, vehivavy, zatovolahy, sy zatovovavy, ao an-tanàna, izay misento sy mitaraina noho ny fahavetavetana izay atao amin'ny tanàna, noho ny fahotan'ny olona." Asio marika eo amin'izy ireo!

185 Ary avy eo, rehefa avy nandeha Izy ka nanisy marika, dia niverina indray Izy ka nanao hoe, "Vita ilay izy."

186 Avy eo dia naniraka an'ireo lehilahy Izy, nanao hoe, "Mandrosoa, ary aza mamindra fo amin'inona na inona, fa aringano avokoa ny zavatra rehetra izay tsy manana an'io marika io eny aminy."

187 Jereo eto, rahalahy. Ilay Mpanisy marika dia tsy hafa tsy akory fa ny Fanahy Masina.

188 Ary mariho, raha tonga eto Jeffersonville Izy, izao hariva izao, ato amin'ny Branham Tabernacle, na any amin'ny tabernakla hafa eto an-tanàna, na fiangonana hafa, iza no Hasiany marika eo amboniny, izay tena tso-po sy mahitsy fo eo anatrehan'Andriamanitra izay mitomany sy mitaraina, ary mivavaka andro aman'alina, noho ny fahotan'ny tanàna? [Nandondona indroa ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

189 Inona no hataon'Izany amin'ireo mpitory teny izay mamela an'ireo vehivavy hivoaka eto ao anatin'ireo akanjo fitondra milomano, ary mihinjitra ao anaty sorta, sy mandeha mandroso-sy-miverina eny an-dàlambe; sy mihira ao amin'ny antoko mpihira, sy mandoko tarehy ary manao tahaka an'i Jezebela. Ary rehefa . . . Mivoaka eo ireo lehilahy, mifoka, sy misotro, sy manohy, sy miloka, ary ny zavatra hafa rehetra! Ary mihetsika izy ireo toy ny hoe tsy rototra amin'izany izy ireo; mandeha any amin'ny karazana sakafo hariva akoho be, na fety iray any ho any. Mijanona ao an-trano ny Alarobia hariva ary mijery televiziona, raha tokony hanatrika ny fivoriam-bavaka. Amin'ny andro fahavaratra, dia akatona ny fiangonana, ho an'ny fivoriana. Inona no Hasiany tombokase?

190 Ny ilaintsika, izao hariva izao, dia ny hanakenda betsaka amin'io fitoriana filazantsaran'ny Hollywood eto io! Ary fifohazana amin'ny fanao tranainy iray, nirahin'Andriamanitra, ireo lehilahy sy vehivavy izay handohalika eo amin'ny alitara! Ary hampitsahatra an'io fifandraisan-tànana io, sy manangatànana, ka mamafy azy ireo, ary manao batisa amin'ny tarehy mankany aloha, mankany aoriana, ary ireo fomba kely sisa rehetra sy ireo isma. Ka mandohalika amin'ny fanahy tena, manenina, torotoro, eo amin'izay misy ny ota. Manafangaro an'izany miaraka, ary manomboka fitarainana amin'ny fanao tranainy anankiray, an'ny zaza vao teraka iray. Amena. Izany no karazan'ilay manana ny Fanahy Masina. Marina izany.

191 Tsy mampaninona izy ireo na Metodista, Batista, na Katolika, na inona izy ireo na inona! Rehefa tonga eo anoloan'io alitara io izy ireo ka mitaraina, andro aman'alina hoe, "O Tompo Andriamanitra, jereo ireo fahotan'ity tanàna ity! Tsy mety mitsahatra ny foko! Tsy mety mitsahatra aho, Tompo, mahita an'ireo zavatra ireo mitohy. O Andriamanitra, manaova zavatra! Iraho ho anay ny fifohazana amin'ny fanao tranainy iray," eo amin'ny sisin-tany amin'ny fahazoana ny Fanahy Masina ianareo amin'izay fotoana izay, rahalahy! . . .?. . .

192 Fa raha mandroso eo ianareo satria hoe efa nitsambikina ambony-sy-ambany ianareo, na satria hoe efa nandihy niaraka tamin'ny mozika ianareo, na satria hoe efa nanao zavatra hafa ianareo; ka mandeha manodidina ary mitsotsoka, sy tsy rototra, sy midongy, ary mifamaly, sy mikambana amin'ny fiangonana, sy mitsambikina mitety toerana; dia izany no maneho fa tsy nahazo na inona na inona mihitsy ianareo tany am-boalohany.

193 Rahalahy, izany, izany no fanafody mahery tsara, saingy azo antoka fa izany no hanamboatra anareo. Marina izany. Eny, tompoko. Izany no hitondra anareo hivoaka, tsy hisy malemy anankiray eo anivonareo.

194 Tahaka an'i Mosesy. Tiako ny hijery ny ao amin'ny kitapom-panafodiny, ary ianareo? Nanana olona roa tapitrisa izy tany. Tianareo ve ny hahita ny ao amin'ny kitapom-panafodin'i Mosesy, inona no nananany? Ireo lehilahy antitra rehetra, ary zaza kely an-jatony no teraka isan'alina, sy olona mandringa, ary olona marary. Ary rehefa tonga izy, afaka efapolo taona, dia tsy nisy na dia anankiray—anankiray aza nalemy teo anivon'izy ireo. Tianareo dokotera sasany ve, izay mipetraka eto izao hariva izao, ny hahita ny ao amin'ny kitapom-panafodiny?

195 Ndao isika hijery ny ao ka hahita hoe inona ilay izy. Ankehitriny jereo indray. Hahita isika. "Izaho no Tompo izay manasitrana anao." Izany no izy. "Amena." Izany ilay izy. "Izaho no Tompo izay manasitrana anao." Nilaza izy ireo fa hisy zaza ho teraka. "Izaho no Tompo izay manasitrana anao." Tratry ny aretin'avokavoka izy. "Izaho no Tompo izay manasitrana anao." Izay ihany no taratasim-panafody azony nomena. Izay ihany no

hany tokana nilainy. Izay ihany no hany tokana nananany. Izany no natolotr'Andriamanitra ho azy.

Mazava ho azy, amin'izao andro izao, "Oh, tsy mino an'Izany izahay. Tsia, izany . . . "

196 Tsy miova mihitsy Andriamanitra. Tsy miova Izy. Raha io fanahy io, manohy ny fomba izay ataon'ny olona amin'izao andro izao, eo ambanin'ny anaran'ny Kristianisma, no nankarary an'Andriamanitra tao amin'ny Vavoniny tany, dia "fahavetavetana" ho an'ny olona ny nanao an'izany, dia fahavetavetana izany amin'izao andro izao. "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Oh, mahatsapa ho mpivavaka aho.

197 Mariho, "Mandehana eto," hoy Izy, "Mandehana Ianao ao an-tanàna ary Ianao hanisy marika eo amin'ireo izay misento sy mitaraina noho ny fahavetavetana izay atao eo amin'ny tanàna." Ary avy eo dia hoy Izy hoe, "Rehefa avy manao an'izany Ianao," nitodika tany amin'ireto lehilahy niaraka tamin'ny fiadiana enti-mamono ireto Izy, ary nandroso ireo ka nandringana ny zavatra rehetra.

198 Ankehitriny, ry mpahay tantara, fotoana fohy fotsiny. Tonga tao amin'ny nofo Jesosy; Andriamanitra, voaseho tao amin'ny nofo. "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy, nampihavana an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany." Ary rehefa tonga tao amin'ny nofo Izy, dia nandeha nampianatra nanodidina teny Izy. Izy ireo dia niantso Azy hoe, "Belzeboba; mpanao hatsarana." Nesoin'izy ireo Izy, ny amin'ny Fahaterahany, ny zavatra sisa rehetra; nandà Azy, nandroaka Azy.

199 Hoy Izy hoe, "Izay miteny manohitra ny Zanak'olona, dia havela aminy izany, fa izay miteny manohitra ny Fanahy Masina kosa, dia tsy havela aminy mihitsy izany, na amin'izao andro izao na amin'ny andro ho avy."

200 Niantso Jiosy vitsivitsy niaraka Izy. Tsy nandeha tany amin'ny Jentilisa Izy. Nandeha tany amin'ny Jiosy Izy. Nirahina ho any amin'ny Jiosy Izy; tsy andron'ny Jentilisa izany. Nirehitra ho an'ny taonan'ny Jiosy ilay labozia farany, ary nandeha teo Izy. Ary nisy olona vitsy izay nandray Azy, nantsoina hivoaka anankiray.

201 Tena tahaka ny amin'izao andro izao mihitsy. Tena tahaka ny Fanahy Masina niteny avy tao amin'i Jesosy Kristy mihitsy, niantso azy ireo hivoaka; dia toy izany koa ny Fanahy Masina miteny avy tao amin'i Jesosy Kristy, miantso hivoaka, amin'izao andro izao.

202 Nino an'ilay ivelan'ny voajanahary izy ireo. Nandinika ny Mpitarika azy izy ireo. Nandinika Azy izy ireo. Fantatr'izy ireo fa Izy no mpanjakan'ireo mpaminany. Fantatr'izy ireo izay nahaizy Azy. Izay Nolazainy, dia Andriamanitra no nanamarina an'izany ary nilaza fa izany no Fahamarinana. Fantatr'izy ireo

fa nanana ny Fahamarinana izy ireo. Fantatr'izy ireo hoe Iza ilay ninoany, ary nandeha nandroso niaraka tamin'i Jesosy izy ireo.

203 Avy dia nohomboan'izy ireo Izy. Hoy Izy hoe, "Ray, mamelà azy ireo, tsy fantany akory aza izay ataony."

204 Fa rehefa tena tonga ny Andron'ny Pentekosta, dia nisy andiany kely iray, olona nitomany, niantsoantso sy nanohy. "Ary rehefa tena tonga ny Andron'ny Pentekosta . . . "

205 Tampoka teo dia indro tonga teo an-dàlana ny mpisorona iray, niaraka tamin'ny boatin-kasera iray, boatin-kominio, nanao hoe, "Atrangao ny lelanao ankehitriny, fa izaho hisotro ny divay"? Fahadalana toy ny inona! Tonga teo an-dàlana ny mpitory teny Protestanta iray, ary nanao hoe, "Hanolotra ny tànana havanan'ny fiombonana izahay, ary hanao fanandramana enim-bolana"? Hah! Fahadalana! "Ho fafazako ianareo. Hataoko batisa ianareo. Ho entiko amin'*ity* làlana ity ianareo, hitondra anareo ao am-piangonana, homeko ny tànana havanan'ny fiombonana"? Fahadalana!

206 "Fa rehefa tena tonga ny Andron'ny Pentekosta, tampoka teo dia indro tonga avy tany An-danitra toy ny rivotra mahery nifofofofo, ary Izany dia nanenika ny trano rehetra izay nipetrahan'izy ireo. Lela nizarazara no nipetraka teo ambonin'izy ireo, tahaka ny afo." Nanomboka niahakahaka izy ireo, sy nifangaroharo, sy rarak'ivy, sy rora, ary nanohy.

207 Hoy ianareo hoe, "Tsia!" Hoporofoiko aminareo amin'ny alàlan'ny Baiboly izany. Eny, tompoko. "Ny tianao lazaina amiko ve dia hoe izany no nataon'izy ireo?" Izany no nolazain'ny Baiboly.

208 Efa fantatrareo ve fa naminany i Isaia? Mamelà ahy hamaky zavatra kely aminareo avy ao amin'ny Isaia eto, iray minitra fotsiny. Isaia, ny toko faha-28, ary manomboka amin'ny andininy faha-8.

> *Fa* ny *latabatra rehetra dia feno loa* . . . (miresaka an'izao andro izao) . . . *sy loto, ka efa tsy misy* toerana madio. (Rahalahy, raha tsy izany no sarin'ny Jiosy!)
>
> *Iza no hampianariny fahalalana? ary iza no hampahafantariny fampianarana?* (miresaka ny amin'ny Fampianarana isika, izao hariva izao) . . . ireo *izay vao notazana, sy* ireo izay *nitsaha-nono.*
>
> *Fa didy no tsy maintsy hanampy didy, didy hanampy didy; fitsipika hanampy fitsipika, fitsipika hanampy fitsipika;* . . . (izany no fomba ahatongavan'ny Filazantsara, manomboka amin'ny Genesisy hatramin'ny Apokalypsy!)
>
> *Fa amin'ny molotra miambakambaka sy* amin'ny *fiteny hafa no hitenenako amin'ity olona ity.*

> . . .ity *no fitsarana,* ilay fiadanana izay Nolazaiko fa ho tonga. Ary dia tsy nety nihaino izy rehetra, fa lasa nandeha, nanifikifika ny lohany.

209 Eo ianareo izao. Izany no Nolazainy. Tsy teniko izany; ny Teniny izany. Ovay Izany, raha vitanareo. Tsy azo ovana mihitsy Izany. Hoy Izy hoe, "Didy hanampy didy; fitsipika hanampy fitsipika; kely ety ary kely ery." Tsy maintsy entina ny Filazantsara manontolo.

210 Tsy maintsy manomboka eto ny Filazantsara feno, ary nitory an'Izany izy ireo. Ary rehefa nitory izy ireo, dia tonga ilay Herin'ny Fanahy Masina.

211 Ary naneso an'i Jesosy ireo Jiosy ireo, fa nihomehy izy ireo, nanao hoe, "Ha-ha-ha! Leon-divay mamy ireo lehilahy ireo." Nanisy tombokase ny fitodiany Mandrakizay izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Nahoana koa no ahafahantsika mandre amin'ny fitenintsika manokana, an'ireo asa mahagaga izay lazain'izy ireo? Nahoana, leon-divay mamy ireo lehilahy ireo. Ha-ha!" Naneso izy ireo dia nihomehy.

212 Ary Petera, ilay holy-roller kely, mpitory teny boatin-tsavony, nametraka boatin-tsavony iray ho azy, ary nitsambikina teo amin'izany. Hoy izy, "Ianareo lehilahy avy ao Jodia, sy ianareo izay monina eto Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, ka henoy ny feoko. Fa izao no—izao no ilay nampitenenina an'i Joela mpaminany. Tsy leon-divay mamy akory ireo lehilahy ireo, araka ny hevitrareo, fa vao ora fahatelo ihany izao ny andro. Fa izao Izany." Nanondro indray tao amin'ny Baiboly izy. Nilaza aho matetika hoe, "Raha tsy Izany ity, dia hihazona an'ity aho mandra-pahatongan'Izany, raha misy zavatra samy hafa ao." Marina. Hoy izy, "Izao no ilay nampitenenina an'i Joela mpaminany. Izao no hiseho amin'ny andro farany," ireo roa arivo taona farany.

213 Ny roa arivo taona voalohany, nandrava an'izao tontolo izao tamin'ny rano. Ny roa arivo taona faharoa, tonga Kristy. Ao amin'ny roa arivo taona farany, "Handatsaka ny Fanahiko Aho." Haleloia! Tsy hoe "Hampianatra mpitory teny maro Aho ka haniraka pretra maro."

214 "Fa handatsaka ny Fanahiko avy any Ambony Aho; ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany; eo amin'ireo Mpanompolahiko sy mpanompovaviko no handatsahako ny Fanahiko, ary haminany izy ireo. Haneho famantarana eny amin'ny lanitra ambony Aho, sy ety amin'ny tany ambany." Izany ilay izy. Izany ilay fitokanana.

215 Ary nihomehy ireo Jiosy ireo ary naneso, ka nanao hoe, "Leon-divay mamy izy ireo." Izany no nanisy tombokase ny fitodian'izy ireo.

216 Tamin'ny taona 96 A.D. [Taorian'i Jesosy Kristy—Mpand.], ny fahatongavan'i Titus, nidina avy tamin'ilay ampahany, dia

voadidin'ireo tafika i Jerosalema. Ary fantatrareo ve izay niseho? Hoy ireo Jiosy ireo hoe, "Ankehitriny dia hiverina ao antranon'ny Tompo isika."

217 Fa ireo izay nampitandremana sy feno ny Fanahy Masina kosa . . .

218 Araka ny nolazain'i Josephus hoe, "Ireo olona mpihinan'olona ireo, ianareo no nihinana ny vatan'io Jesosy avy any Nazareta io." Hoy izy, "Nafenin'izy ireo lavitra ny Vatany, ary nohanin'izy ireo izany." Nohanin'izy ireo ilay kominio. Nolazainy fa izy ireo, ireo andiany teo ireo, "Ireo sekta ireo."

219 Efa fantatrareo ve fa ireo olona teo ireo dia nantsoina hoe "sekta"? Fantatrareo ve izany? Fantatrareo ve hoe izany *sekta* izany? Olona izay "adala." Hia. Jereo Masindahy Paoly.

220 Ankehitriny, ianareo olona, ianareo—ianareo Batista dia tia ny milaza hoe, "Masindahy Paoly, oh, mino azy aho." Ianareo Katolika dia milaza hoe, "Oh, Masindahy Paoly," dia manoroka ny tongony indroa na intelo, ireo tsangambato any Roma ireo. "Masindahy Paoly! Eny, tompoko!"

221 Jereo izay nolazain'i Masindahy Paoly rehefa teo anatrehan'i Agripa izy. Hoy izy hoe, "Amin'ny fomba izay iantsoan'izy ireo sekta," holy-roller, "dia izany fomba izany no anompoako an'Andriamanitra." Amena.

222 Tiako ny hifandray tànana aminy; hiteny aho hoe, "Izany koa no inoako, ry Paoly! Haleloia! Eny, tompoko, ilay zavatra mitovy! Sivinjato sy arivo taona izay no lasa, ry Paoly. Mbola mino an'ilay zavatra mitovy foana aho!" Mbola manana ny Fanahy Masina foana; famantarana iray ihany, fahagagana iray ihany, ny zavatra rehetra dia iray ihany fotsiny; mbola mitohy, Fanahy Masina iray ihany, mbola voaisy tombokase hatramin'ny (rahoviana?) andro fanavotana.

223 "Ity Filazantsara ity dia ho toriana . . ." Inona? "Ny Filazantsara!" Inona ny Filazantsara? Tsy "ny Teny ihany." [Nandondona in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Hoy i Paoly hoe, "Tonga tamintsika ny Filazantsara, tsy tamin'ny Teny ihany, fa tamin'ny Hery sy ny fanehoan'ny Fanahy Masina no nahatongavan'ny Filazantsara." [Nandondona in-telo ny polipitra Rahalahy Branham.]

224 Hoy i Paoly hoe, "Tsy tonga niaraka tamin'ny fampianaran'ny seminera iray mihitsy aho, tonga hanao teny marevaka, mba hiorenan'ny famonjenareo eo ambonin'ny teny mirehareha sy molotra mandrobo, sy fampianarana na fanekempinoan'ny apostoly, na zavatra tahaka an'izany. Tsy tonga taminareo tahaka an'izany mihitsy aho. Fa tonga taminareo aho tamin'ny fahafantarana zavatra tokana ihany, dia ny Herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy, sy ny fanehoan'ny Fanahy Masina." Haleloia! Andriamanitra anie hanome antsika Paoly maro izay tsy hisintona ny totohondry rehetra, fa hametraka an'Izany eto

tsy misy . . . ? . . . tsy misy fonon-tànan'ny seminera iray. Amena. Tombokasen'Andriamanitra! Amena.

225 Ankehitriny, fotoana firy no ananantsika? Betsaka, sa tsy izany. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany ilay noeritreretiko. Mety izany. Sabotsy rahampitso, tsy misy miasa ny anankiray aminareo. Eny àry. Eny àry. Tsarovy, ao anatin'ny—ao anatin'ny minitra vitsy fotsiny.

226 Mivavaha! Mariho, rahalahy, izao no fotoan'ny fitsorana. Izao no fotoana izay tokony hanaovantsika fandinihan-tena. Tsy mitsangana eto aho mba hanao hatsikana. Raha izany, dia handeha eo amin'ny alitara aho ary hibebaka. Mety manao hatsikana angamba aho amin'ny sasany aminareo, saingy tsy izany no tiako atao. Manao adaladala kely aho, matetitetika; tsy misy azoko atao. Misy zavatra tonga amiko, manao ahy hanao tahaka an'izany, ka dia tsy misy azoko atao. Saingy ao amin'ny foko, rahalahy, dia mino an'Izany amin'ny foko rehetra aho. Nandritry ny roapolo taona mahery no nitoriako an'Ity teto amin'ity polipitra ity, nanerana an'izao tontolo izao, ary Andriamanitra no nanamarina Azy tamin'ny famantarana sy fahagagana. Amena. "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Eny.

227 Ankehitriny hoy Izy hoe, "Ilazao ireo izay manana fiadiana mba handroso." Nandà ny handray an'ilay marika izy ireo. Ary nandroso Izy, ary Titus nanemitra an'ireo rindrin'i Jerosalema, ary nihazakazaka tao an-tanàna izy ireo; navelany ho noana tao anatiny tao izy ireo, hany ka nandrahoin'izy ireo ny zanaky ny sasany ary nohaniny izany. Nohanin'izy ireo ny hodin-kazo, ny ahitra amin'ny tany. Ary avy eo rehefa tsy maintsy nitolo-batana izy ireo . . . Titus, rehefa niditra tao Jerosalema izy, dia noravany avokoa ny zavatra rehetra tao, novonoiny ny vehivavy, ny ankizy, ny zaza, ny mpisorona, ny zavatra hafa, ary nodorany ny tanàna.

228 Ary hoy Jesosy hoe, "Ho avy ny andro izay tsy hisian'ny vato anankiray ho tavela eo."

229 Hoy izy ireo, "Jereo ny katedraly goavana be anay. Rahalahy, Batista izahay, na Metodista, na Pentekotista, na inona koa."

Hoy Izy hoe, "Tsy hisy vato anankiray ho tavela eo ambonin'ny iray hafa."

230 Izany no maneho fa "Andriamanitra dia tsy monina ao amin'ireo trano nataon-tànana." Andriamanitra dia monina ao amin'ny fon'olombelona. "Fa vatana iray no Nataonao ho Ahy." Tsy monina ao amin'ny trano anankiray ny Fanahy Masina. Mitoetra ao amin'ny fo Izy. Izany no tempoly. "Tsy fantatrareo ve fa ianareo no tempolin'Andriamanitra velona?" Amena. Manorina tempoly iray, manorina fiangonana iray, ny finoanareo dia miorina manodidina ny tempolinareo na ny fiangonanareo, sampy hazo iray, dia mandray ny mariky ny bibidia nefa tsy fantatrareo akory izany. Marina izany.

Manidintsidina eo dia mandany ny fotoananareo rehetra, ry mpitory teny, mba hanohana ny rafi-pandaminanareo, nefa dia mandeha mahitsy tanteraka mankany amin'ny helo fotsiny miaraka amin'izany arak'izay tratrany.

231 Milaza aminareo aho, rahalahy, izao no fotoana hifohazan'ny olona sy hitoriana ny Filazantsara miaraka amin'ny Herin'ny Fanahy Masina, ka na aiza na aiza, ndao antsointsika ny Metodista, Batista, Presbyterana, Katolika, sy ny rehetra, ho eo amin'ny hazo fijalian'i Jesosy Kristy.

232 Ankehitriny, ianareo no milaza, fa ilay mpiandry ondry fahiny dia nitondra tantely, ka nametraka an'izany eo ambonin'ny vatolampy. Rehefa nilelaka an'izany ilay ondry marary, dia lasa salama izy.

233 Rahalahy, manana sakaosy feno an'izany tanteraka aho eto, izao hariva izao. Ary hapetrako eo ambonin'ilay Vatolampy izany, Kristy Jesosy, ary afaka milelaka ny ondry marary ka ho lasa salama. Marina izany. Rahalahy, henoy, tsy hoe hametraka an'izany eo ambonin'ny fiangonana anankiray. Tsy mikambana amin'ny fiangonana anankiray izany. Mikambana amin'ny Kristy izany. Tena marina tanteraka izany.

234 Ara-pomba! "Oh, eny, mino an'i Kristy izahay." Ireo asanareo no manaporofo an'izay inoanareo.

235 Hoy Jesosy hoe, "Izao famantarana izao," no h-a, "hanaraka an'ireo izay mino, hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao. Ary amin'ny Anarako dia handroaka devoly izy ireo, hiteny amin'ny fiteny vaovao; raha handray menarana izy ireo, na hisotro zava-mahafaty, dia tsy hampaninona azy ireo izany. Raha mametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Izany no nolazain'i Jesosy. Izany no Teny farany nivoaka avy teo amin'ny Molony. Ary nakarina ho any An-danitra Izy.

236 Ary ireo olona izay mandroso, mino ary mitory ny Fanasitranana avy amin'Andriamanitra, sy ny herin'Andriamanitra, dia izao tontolo izao no miantso azy ireo hoe "adala." Fa hoy ny Baiboly hoe, "Raha ny Tompon'ny trano aza no antsoin'izy ireo hoe 'Belzeboba,' tsy mihoatra noho izany ve no hiantsoany azy ireo, ireo Mpianany?"

237 Voaheloka, mandry eo izy ireo, maty tanteraka fotsiny izy rehetra. Saingy hoy Josephus hoe, "Ireo olona izay . . . ireo—ireo karazan'olona Kristiana ireo, dia niala tao Jerosalema ho any Jodia, ka afaka tamin'io fahatezerana rehetra io." Ankehitriny dia ny Jiosy izany, ny fiafaran'ny Jiosy.

238 Haingana ankehitriny, mandritry ny minitra vitsy manaraka, ndao isika hamarana amin'ny Jentilisa, tena haingana. Ndao isika hamadika ao amin'ny Apokalypsy ny toko faha-7, izay hamaranantsika an'ilay andron'ny Jentilisa. Jereo raha marina izany na tsia. Izany ilay naminanian'ny mpaminany Ezekiela 9 ny fiafaran'*io* taona io; ankehitriny dia indro ny

Fanahy Masina maminany ny faran'*ity* taona ity. Henoy tsara ankehitriny raha mamaky am-pitandremana aho.

Ary rehefa afaka izany zavatra izany . . .

239 Apokalypsy 7 ankehitriny, "Rehefa afaka izany zavatra izany dia nahita anjely efatra aho . . . " Izany dia ireo mpitaingintsoavaly izay nivoaka, ao amin'ny toko faha-6, ary ahoana no nivoahan'izy ireo; soavaly hatsatra iray, sy soavaly mainty iray, ary soavaly mena iray, sy ny sisa, fa, ireo mpitaingina ireo dia nitety ny tany hatramin'ny ela.

. . . Nahita anjely efatra aho *nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra, nihazona ny rivotra efatra . . . mba tsy ahafahan'*izy ireo *hitsoka eo* ambonin'*ny tany, na eo amin'ny ranomasina, na eo amin'ny hazo akory aza.*

240 Ankehitriny dia diniho ilay fahitana hitany voalohany. "Nahita anjely efatra aho nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra," toerana efatra manodidina ny tany, anjely iray, nihazona ny rivotra efatra. Ny *anjely* dia "iraka." Ny Baiboly no niteny an'izany. Ary ny *rivotra* dia "ady sy fifandrafiana." Nihazona an'ireo rivotra efatra izy, eto, . . . ? . . . Ankehitriny diniho, andininy faha-2.

Ary nahita anjely hafa aho niakatra avy tany atsinanana, nanana ny (*t-o-m-b-o-k-a-s-e,* ilay asa vita, amin'ny teny hafa) *. . . nanana ny tombokasen'Andriamanitra velona: ary izy niantsoantso tamin'ny feo mahery an'ireo . . . anjely, . . .* izay *navela hanimba ny tany sy ny ranomasina,*

Nanao hoe, Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na . . . ny hazo, mandra-panisinay tombokase an'ireo mpanompon'Andriamanitra eo amin'ny handriny.

241 Diniho, hamaky ny manaraka aho.

Ary izaho nahare ny isan'ireo . . . voaisy tombokase: ary voaisy tombokase ny—ny . . . voaisy tombokase ny efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy avy amin' . . . ny fokon'ny—ny . . . *ny* fokon'*ny zanak'Isiraely.*

242 "Avy amin'ny fokon'i Joda, roa ambin'ny folo . . . " sy ny manaraka, sy "Benjamina," sy "Gada," ary "Robena," ny manaraka hatrany amin'i "Zebolona," sy ny manaraka hatrany amin'ny foko roa ambin'ny folo, any amin'ny faran'ny andininy faha-8. Ary ny roa ambin'ny folo ampitomboina roa ambin'ny folo dia inona? [Hoy ny fiangonana hoe, "Efatra amby efapolo amby zato."—Mpand.] Efatra amby efapolo amby zato. "Efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy," Jiosy avokoa. Ankehitriny, diniho.

Ary *rehefa afaka izany dia hitako, fa, indro, olona betsaka, izay tsy hain'olona isaina, avy amin'ny* fokompirenena *rehetra,* sy fiteny, ary firenena, . . .

243 Avy taiza izy ireo? Hitanareo, hitantsika ireo Jiosy tamin'ny farany; sy hoe oviana no nasaina nandroso ireo anjely ireo mba handringana, voalaza eto, hita ary "nihazona." Fa avy taiza izy ireo, avy amin'ny fokom-pirenena rehetra, fiteny, ary firenena. Niseho teo amin'ny sehatra izy ireo.

> . . . *sy* olona, *sy fiteny, nitsangana teo anatrehan'ny* Zanak'ondry, *sy teo anatrehan'* . . . izay *niakanjo* . . . *ny Zanak'ondry, niakanjo akanjo fotsy, ary sampan-drofia no teny an*-tànany;

244 Ilay Ampakarina, ilay Jentilisa Ampakarina dia efa voaisy tombokase eto. Diniho.

> *Ary* izy ireo *niantso tamin'ny feo mahery, nanao hoe, ny Famonjena anie ho an'Andriamanitsika* izay *mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, ary* ho *an'ny Zanak'ondry.*
>
> *Ary—ary* . . . *ireo anjely* izay *nitsangana* nanodidina *teo amin'ny seza fiandrianana,* . . . *ireo loholona,* . . . *ireo zava-manan'aina efatra,* . . . *dia niankohoka teo anoloan'ny seza fiandrianana tamin'ny tavany, ary nanompo an'Andriamanitra,*
>
> *Nanao hoe,* . . . (Henoy, raha tsy toy ny hoe fivorian'ny Fanahy Masina izany!) A- . . . Saotra, amena, ny *voninahitra,* . . . *ny fahendrena,* . . . *ny fisaorana,* . . . *ny haja,* . . . *ny hery,* . . . *ny faherezana, anie* ho *an'Andriamanitsika mandrakizay mandrakizay. Amena.*

245 Tsy toy ny karazana fivoriana iray ara-pomba an'ny fanomezana bakalorea izany, amiko. Izany dia toy ny fanao tranainy iray, filatsahan'ny Fanahy Masina, ho ahy. Efa tany ho any ireo olona ireo; fantatr'izy ireo izay natao rehefa nahita an'ilay Zanak'ondry nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana izy ireo.

> *Ary ny anankiray tamin'ireo loholona* . . . nanao *tamiko hoe, Iza moa ireo* . . . sy *mitafy akanjo fotsy? ary* avy *taiza izy ireo?*

246 Ankehitriny dia fantatrareo ireo Jiosy rehetra, saingy avy taiza kosa ireto, "fokom-pirenena rehetra, fiteny, ary firenena"? Diniho.

> *Fa hoy aho taminy, Tompoko, ianao no mahalala.* (Hoy Jaona hoe, "Izaho dia tsy mahalala fotsiny.") *Ary hoy izy* teo *amiko,* . . .

247 Ireo ilay nanana an'Izany, heveriko. Eny àry.

> . . . *Ireo no* nivoaka *avy tao amin'ny fahoriana lehibe,* (nantsoina hoe "holy-roller," nesoina, nenjehina, nihomehezana) . . . nivoaka *avy tao amin'ny fahoriana*

lehibe, ary nanasa ny akanjony, sy namotsy azy tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry. (Diniho!)

. . . izy ireo dia *eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra,* . . .

248 Aiza no mipetraka ilay vady? Aiza no mipetraka ilay mpanjakavavy? Izany ilay Ampakarina, ilay Jentilisa Ampakarina.

. . . *ary* izy ireo *no manompo azy andro aman'alina ao amin'*ny *tempoly:* . . .

249 Ny vadiko no manompo ahy ao an-trano, andro aman'alina. Hitanareo? Izany ilay Ampakarin'i Jesosy; izany ilay Jentilisa Ampakarina.

. . . *ary* ireo *izay mipetraka eo* ambonin'*ny seza fiandrianana no honina eo anivon'izy ireo.*

Tsy ho noana intsony izy ireo, . . .

250 Haleloia! Mifarana ireo andro fiasana. Eny, isika dia diso sakafo betsaka, saingy tsy ho diso anankiray mihitsy isika Any. Amena.

251 Fantatro fa ny reniko mahantra, kely, antitra dia mipetraka eto izao hariva izao. Ary nahita azy nitsangana niala teo amin'ilay latabatra aho. Nisotro kafe izahay ary mofo mafy anankiray. Afaka nandraraka an'izany izy, nanisy siramamy tao. Ary tsy nisy ampy nentina nanodidina teo; nitomany ny ankizy, ary nitsangana izy ary lasa. Fa tsy hanao an'izany mihitsy isika Any! Nandry teo amin'ny sandriko ilay dadako antitra, tery ampitan'ilay làlambe, tany, ary maty, noana.

252 Fa tsy hanao an'izany mihitsy isika. Haleloia! Tsia, tompoko. Tsy ho noana intsony.

Izy ireo dia *tsy ho noana intsony, na hangetaheta intsony* izy ireo . . . *na ny hazavan'ny masoandro eo amin'izy ireo,* . . .

Fa ny Zanak'ondry izay eo afovoan'ny seza fiandrianana no hamahana azy ireo, sy hitarika azy ireo ao amin'*ny* ranon'*ny loharano velona: ary Andriamanitra no hamafa* . . . *ny ranomaso rehetra eo amin'ny masony.*

253 Mety tsy maintsy hanao tomany kely izy ireo sy manohy, rehefa tonga ny Fanahy Masina. Saingy Andriamanitra no hamafa ny ranomaso rehetra eo amin'ny masonareo.

254 Diniho, nahita izy "anjely efatra nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra, nihazona ny rivotra efatra." Haingana ankehitriny. Tapitra ny fotoanako, saingy mamelà ahy hilaza an'ity hevitra ity aminareo, mialohan'ny hamaranana. Jereo, nahita an'ireo anjely efatra izy. Hitany ilay famaranana ny fiangonana Jiosy, toy ny ahoana no nahitany azy ireo tonga

tamin'ny fomba nitovy; tonga niaraka tamin'ireo fiadiana entimamono, io tafika io.

255 Ankehitriny diniho. Karazana marika inona no voarain'ilay Fiangonan'ny Fanahy Masina, mba ho marika iray eny amin'ny handrin'izy ireo? Marika ara-panahy iray izany. Ny Fanahy Masina no nanisy marika azy ireo. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy nanao tombokavatsa na inona na inona teo amin'ny lohan'izy ireo Izy. Nanao ve Izy? ["Tsia."] Tsia.

256 Tsy nomelohin'ny firenena mpanohitra fivavahana izy ireo. Nomelohin'ny azy manokana izy ireo. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Ilay tena Fiangonan'Andriamanitra velona dia ho melohin'ny Katolika sy Protestanta, satria hikambana miaraka izy ireo. Efa mitambatra ho anankiray sahady aza izy ireo, toy ny reny sy zanakavavy.

257 Fa ireto, *eto*, dia tsy izany. Noho izany, dia diniho izay Nataony. Hoy Izy hoe, "Asio marika iray eo amin'ny handrin'izy ireo." Karazana marika inona ilay izy? Ho vakiako aminareo izany, Asa 2. "Ary teo amin'ny fitoerana iray izy ireo niray saina. Ary tampoka teo dia nisy feo iray tonga, ilay Anjely tonga avy tany An-danitra."

Hoy ianareo hoe, "Anjely ve dia feo iray?"

258 Inona izany, inona ilay nandeha teo anoloan'i Davida, rehefa nandre an'ilay fifofofofon'ny ravin-kazo izy, ravimboaroy, tamin'io alina io rehefa natahotra ny handroso mihitsy izy? "Nandre feo iray avy tany An-danitra izy tahaka ny fifofofofon'ny rivotra mahery iray," Andriamanitra no mandeha eo anoloan'izy ireo.

259 "Ary tampoka teo dia indro niseho teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina sy ny Hery." Nivoaka teny an-dàlambe izy ireo, niantsambotsambotra sy nitsambikimbikina, ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ary niambakambaka molotra, sy nikiakiaka, ary nanao toy ny mamo, ary ny rehetra dia nifaly fotsiny ary nidera ny Tompo Andriamanitra. Tsy marina ve izany?

260 Izany no fomba ataon'Andriamanitra rehefa mandefa ny Heriny Izy miaraka amin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Ary nihetsika teo mihitsy Izany, ary nanaparitaka an'ilay Hafatra! Haleloia! Ary nikiakiaka sy niantsoantso izy ireo, sy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ary nivoaka teo. Ary izany no marika izay napetak'Andriamanitra teo amin'ny olona. Marina ve izany? Nametaka marika Andriamanitra, ary izany no karazan'ny marika izay apetak'Andriamanitra eo amin'ny Olony amin'izao andro izao. Ilay tombokasen'Andriamanitra iray ihany izay natao teo amin'izy ireo tany, teo ambanin'ny batisan'ny Fanahy Masina, no tombokasen'Andriamanitra.

261 Te-hanontany zavatra anankiray aminareo aho, ry fiangonana. Ny Baiboly dia milaza fa ilay marik'Andriamanitra, tamin'izany andro izany, dia ny batisan'ny Fanahy Masina. Ilay tombokase izay teo amin'ny olona, mba hanao azy ireo tsy hitovy amin'ny hafa, dia ny batisan'ny Fanahy Masina. Marina ve? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny Testamenta Vaovao no nilaza, ao amin'ny Efesiana 4:30, fa ny Fanahy Masina no tombokasen'Andriamanitra, ho an'ny olona amin'ny andro farany, hatrany amin'ny fitodianareo Mandrakizay. Marina ve? ["Amena."] Noho izany dia marina ny Fanahy Masina.

262 Ankehitriny, nanana ny taona Metodista isika, nanana ny taona Batista isika, nanana ny fanamarinana isika, nanana ny fanamasinana isika. Nanana an'ireo zavatra rehetra ireo isika, izay niseho.

263 Ary teo amin'ny efapolo taona lasa teo mihitsy izay, nampianarina voalohany teto Etazonia ny batisan'ny Fanahy Masina. Marina ve? Teo amin'ny efapolo taona lasa teo izay, rehefa nanomboka nandray ny olona . . .

264 Ankehitriny, nantsoin'izy ireo hoe ilay asa tanteraka faharoa an'ny fahasoavana izany taloha, ny fanamasinana. "Ny fanamasinana," dia tsara.

265 Tsy maintsy noraisina aloha ilay siny, noraofina. Feno fotaka avokoa ilay izy. Nohamarinina izy, satria ilay—ilay olona no nandroaka azy.

266 Ny zavatra manaraka, izany dia tsy maintsy no—nodiovina sy nokosehana. Ny teny hoe *manamasina* dia midika hoe "nodiovina, ary natokana ho an'ny asa." Fa ny "natokana *ho an'ny* asa" dia tsy midika hoe *ao amin'ny* asa ianareo.

267 Ary avy eo dia hoy Jesosy hoe, "Sambatra ianareo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa ianareo no ho vokisana." Hitanareo, ny Fanahy Masina dia tonga teo amin'ilay nohamasinina, tena izy, marina, mpino nohamasinina. Ary manomboka maneho ny tenany ireo famantarana sy fahagagana vantany vao vita tsara ilay siny nohamasinina, ary niditra tao amin'izany ilay Fanahy Masina. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina?

268 Tsy afaka mamoaka menaka avy ao amin'io tavoahangy io ianareo raha tsy efa misy menaka ao anatiny ao, tsy mampaninona na madio toy ny inona aza ilay tavoahangy. Tsy afaka mamoaka fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, sy fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ary Herin'Andriamanitra, avy ao amin'ny zavatra izay tsy misy na inona na inona ianareo. Ny Fanahy Masina no tsy maintsy nentina, arak'izany.

269 Jereo, teo amin'ny efapolo taona lasa teo izay. . . Ndao isika hieritreritra indray. Mijery isika, manodidina. . . Diniho tsara. Nisy mpanapaka lehibe anankiray nandroso, ny Ady

Maneran-tany Voalohany; sambany teo amin'ny tantara rehetra an'izao tontolo izao, ady maneran-tany. Taiza izy no nanomboka? Tao Alemana mihitsy. Inona no nitranga? Fiovana; tsy misy mahafantatra, hatramin'izao andro izao, ahoana no nampijanona an'ilay izy. Tsy misy olona mahafantatra. Vakio ny *The Decline Of The World War*. Ny boky tsirairay, dia voavakiko izany. Tsy misy olona anankiray . . . Ny zavatra tokana fantatr'izy ireo, dia hoe nisy baiko iray tonga, "Mitolobatana!" Tsy misy mahafantatra hoe iza no nanome an'ilay izy. Nahoana?

270 O Andriamanitra! Hiantso ahy ianareo hoe "holy-roller," na izany aza, noho izany dia afaka maneho ny fihetseham-poko tsara aho. Jereo! Toy ny ahoana no isaorako ny Fanahy Masina tonga eto amin'ny lampihazo, mba hanambara.

271 Mariho. Diniho. Nandeha izy ireo, tonga teto amin'izao tontolo izao ny rivotra tsirairay, ireo fiadiana moderina, mba handrava tanteraka ny zavatra rehetra tao amin'ilay adin'izao tontolo izao. Saingy, tampotampoka teo, dia nijanona ilay izy. Apokalypsy ny toko faha-7, dia nanao hoe, "Hitako ireo anjely efatra nidina niaraka tamin'ireo fiadiany enti-mamono. Ary indro nisy Lehilahy iray tonga avy tany atsinanana, nanana ny tombokasen'Andriamanitra velona; nanao hoe, 'Hazony ny rivotra efatra.'"

272 "Hazony izany," nahoana? Tsy mbola eo amin'ilay toerana marina ireo Jiosy. Voninahitra! Tsy eo amin'ilay toerana marina ireo Jiosy, araka ny nampanantenain'Andriamanitra. Nolazainy tamin'izy ireo izay hisy azy, izay hijoroany. Hoy Izy hoe, "Rehefa hitanareo fa manaroka ny rantsan'ny aviavy, dia fantaro fa akaiky ny fotoana." Ary rehefa hitanareo ireo Jiosy fa miverina ao Palestina, dia fantaro fa akaiky ny fotoana. "Tsy ho lany izao taranaka izao mandra-pahatanterak'izany zavatra rehetra izany." Ary, rahalahy, tao amin'ilay taona fito farany no fotoana voalohany nikopakopahan'ilay saina Jiosy, tao anatin'ny roa arivo taona, tao Jerosalema; eny, dimanjato sy roa arivo taona. Amena. Tsy mbola teo amin'ilay tokony nanaovana azy mihitsy ireo Jiosy, fa hoy Izy hoe, "Hazony! Hazony!"

273 Nahoana, nahoana no "hazony"? Diniho, mbola nisy an'ireo Jentilisa sasany, teo anelanelan'ny taonan'i Wesley sy ny taonan'ny Pentekosta, tsy maintsy niditra. Talohan'ny nidiran'ny Pentekosta tao amin'ilay Taonan'ny Fiangonana Laodikiana, dia nisy "varavarana misokatra" iray napetraka teo anoloan'ilay fiangonana; varavarana misokatra, ho an'ny, "Izay maniry dia aoka izy ho tonga ka hisotro avy eo amin'ny Loharanon'ny ranon'Aina maimaim-poana." Varavarana misokatra, napetraka. Oh, oadray!

Ary hoy Izy hoe, "Hazony izany!" Nahoana?

274 Hoy Jesosy hoe, "Nivoaka ny lehilahy iray ary niasa izy. Ary nivoaka ny lehilahy anankiray hafa, tamin'ny ora iray hafa, ary

niasa izy. Nivoaka ny lehilahy hafa anankiray ary niasa. Ary nivoaka ny lehilahy anankiray tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo. Ary rehefa nitsahatra izy tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo, dia nomeny anjara mitovy ny tsirairay avy tamin'izy ireo, tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo."

Nanontany tena izy ireo hoe nahoana. "Nahoana izy, tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo, no nampiditra ny tsirairay?"

275 Martin Luther izay niasa, nandeha teo ambanin'ny andron'i Lotera, dia maty tao amin'ny fahasoavana!. . .?. . .ireo sasany, Metodista izay nikiakiaka, izay maty tao ambanin'ny taonan'i Wesley, dia maty tao amin'ny fahasoavana. Miaina amin'ny taona hafa anankiray isika, fa tsy tany aoriana tany. Eto! Ny reniko fahiny dia nitaingina saretin'omby iray, ary mitaingina Ford modely V-8 izahay izao, saiky mampanidina mihitsy. Marina izany. Miaina amin'ny taona hafa anankiray isika, ny rehetra. Ary miaina ao amin'ny andro hafa anankiray isika. Miaina ao amin'ny andro famerenana an'ireo Herin'Andriamanitra isika, ary eto mihitsy no ahitantsika an'ilay Herin'Andriamanitra tahaka ny hitan'izy ireo tany amin'ny fiandohana. Miaina ao amin'ny taona hafa anankiray isika. Aza mijery an'i Wesley tany aoriana tany, Metodista, sy ireo rehetra ireo, Batista, sy Presbyterana. Mijere eto amin'i Jesosy Kristy eto, ilay Mpanao sy Mpanefa ny Finoana ny Baiboly. Haleloia!

276 Ankehitriny diniho Izy, nanao hoe, "Hazony izany," hatramin'ny (oviana?) hahafahan'ireo olon'ny ora fahiraika ambin'ny folo hiditra, ilay antso farany an'ireo Jentilisa. Neny niasa *teto;* dada sy ny sisa niasa *eto;* nenibe niasa *taty* aoriana taty. Izao no orantsika, ilay ora fahiraika ambin'ny folo. Io Ady Maneran-tany io dia nitsahatra tamin'ny volana fahiraika ambin'ny folon'ilay taona, ny andro fahiraika ambin'ny folon'ilay volana, ny ora fahiraika ambin'ny folon'ilay andro, ary ny minitra fahiraika ambin'ny folon'ilay ora; mba hahafahan'ireo olon'ny ora fahiraika ambin'ny folo miditra, (inona?) handray an'ilay batisa iray ihany an'ny Fanahy Masina izay noraisin'izy ireo *eto* tany amin'ny fiandohana, hamerina indray an'ilay Hery sy ny fitsanganan'i Jesosy Kristy Tompo, ireo famantarana sy fahagagana iray ihany.

277 Inona izany? Manezaka mafy ireo ady *eto,* manezaka mafy *etsy;* manezaka mafy *eto,* manezaka mafy *etsy;* miezaka ny. . .Ireo baomba atomika sy ny zavatra sisa rehetra dia efa voaforona, saingy tsy afaka mampiasa an'izany izy ireo. [Nandondona imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy afaka mampiasa an'izany izy ireo mandra-pahazoan'ireo Jiosy ny famangian'ny batisan'ny Fanahy Masina. Hoy ilay Anjely hoe, "Hazony izany, mandra-panisinay tombokase an'ireo mpanompo," fa tsy ilay Ampakarina. Tsy

mpanompo iray mihitsy ireo Jentilisa; zanakalahy sy zanakavavy isika. Ity dia ireo mpanompo, ireo Jiosy. Abrahama dia mpanompon'Andriamanitra. Haleloia! Ankehitriny, ankehitriny dia mahita Jiosy an'alinaliny isika. Nanamafy ny fon'i Farao Andriamanitra, handroaka azy ireo ho any Palestina. Nanamafy ny fon'i Hitler Andriamanitra, ny fon'i Mussolini, ny fon'i Stalin. Nandroaka an-keriny izy, nankany Palestina, tsy mahafantatra akory izay ataony, miasa mihitsy eo an-tànan'Andriamanitra.

278 Hijoro any ireo efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy ireo. Ary indray andro any, mpaminany iray avy amin'Andriamanitra, masina, voahosotr'Andriamanitra no handeha ho any miaraka amin'ny famantarana sy fahagagana. Ireo Jiosy ireo dia hanao hoe, "Izao no andrasako." [Nandondona in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Eny, tompoko. Ary Andriamanitra no hanao batisa Jiosy efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy.

279 Ary ho tonga ny Fampakarana; hitsahatra ny taonan'ny Jentilisa. Hipoaka ilay baomba atomika ary haka an'izao tontolo izao. Ary hakarina ilay Fiangonan'ny Jentilisa, hijoro eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. "Iza ireo mivoaka avy ao amin'ny fahoriana lehibe? Nanasa ny akanjony tamin'ny Ràn'ny Zanak'ondry izy ireo. Eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, tsy misy pentina." Amena.

280 Ny mariky ny bibidia, fiombonambe; ireo fiangonana, Katolisisma, voafatotra miaraka daholo, hiditra ao amin'ny fahapotehana. Ilay sisa, dia ilay Ampakarin'ny Fanahy Masina.

281 Ary ireo olona amin'izao andro izao izay maneso ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, izay maneso ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, izay maneso ny faminaniana, izay maneso ny fanehoan'ny Fanahy; ary ilay fanahy iray ihany izay nifehy an'ireo Jiosy teto aoriana teto, izay niteny ratsy ny Fanahy Masina tany aoriana tany, ka maty tao ambanin'ilay fitsarana Masina. Ity Etazonia ity dia voafatotra ho an'ny fitsarana Masina, eo ambanin'ny Herin'ny Fanahy Masina. Nanameloka izy ireo, ary naneso, ka nihodina, ary miantso antsika hoe "holy-rollers" sy ny zavatra sisa rehetra. Saingy tonga eto ny ora, izay handrotsahan'Andriamanitra ny Fitsarany Masina. Amena.

282 Aoka ho vonona. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . .?. . .Ny toerana tokana voaaro izay misy amin'izao andro izao dia ny ao amin'i Kristy Jesosy. Andriamanitra hitahy anareo. Raha tsy ao anatiny ianareo, dia haingàna mandrapahatafiditrareo. "Ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy no ho entin'Andriamanitra hiaraka Aminy amin'ny Fihaviana faharoa."

283 Ankoatry ny tombokasen'Andriamanitra, izay ny batisan'ny Fanahy Masina, dia ny fiombonamben'ny fihemorana no mariky ny bibidia. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Fa ireo mpampianatra ara-pivavahana ireo

dia miezaka ny mametraka an'izany eo amin'ny kaominisma, nefa dia tsy fantatr'izy ireo fa tena miasa mihitsy eo afovoan'izy ireo izany. Hoy Izy hoe, "Ho jamba mpitarika jamba izy ireo." Hoy Izy hoe, "Hanana maso, fa tsy mahita." Hoy Izy, "Ianareo, sy ireo fomban-drazanareo, milaza fampianaran'olombelona, manao didin'olombelona, manao ny didin'Andriamanitra ho tsy misy fiantraikany."

284 Haneso ny Katolika ianareo amin'ny nametrahany ny katesismany, nefa ireo olonareo dia mandeha mihitsy eo amin'ny kanferansa iray na zavatra anankiray, ka manapa-kevitra raha afaka mandray ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy ireo, na ny batisan'ny Fanahy, sy ireo zavatra ireo. Ary manameloka an'Izany izy ireo ka mandà an'Izany. Ary maneso ny Katolika ianareo. Tsy manana zo haneso ny Katolika ianareo. Satria, raha izy no "MPIVARO-TENA," dia ny Baiboly no nilaza fa ianareo dia "MPIJANGAJANGA," ao amin'ilay fiombonambe iray ihany.

285 "Mivoaha eo anivon'izany, ry Oloko! Mihataha ianareo," hoy Andriamanitra, "ary Izaho handray anareo ho an'ny Tenako." Marina izany.

286 Oh, nahoana ity Branham Tabernacle ity no tsy afaka mivoaka avy ao amin'ireo kentrontsika? Tiako ho fantatra raha mino an'ity Filazantsara ity ianareo olona manodidina eto ireto. Ary voatory Izany, ary hitanareo Izany, ireo famantarana sy fahagagana, ary nohamarinina. Ary ny zavatra rehetra izay nolazain'ny Tompo, dia tsy maintsy miseho. Noho izany, inona no olana eto, rehefa reko fa misy fifandirana eo anivonareo, rehefa reko fa misy fifandrafiana? Tiako ianareo hanoratra hoe inona ny olana aminareo, izay ao am-ponareo, ka hametraka an'izany eto amin'ity lampihazon'ny polipitra ity, rahampitso hariva. [Nandondona imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

287 Te-hahita aho hoe nahoana ity fiangonana ity no tsy mety voatariky ny Herin'Andriamanitra, sy ny batisan'ny Fanahy Masina, miaraka amin'ireo famantarana sy fahagagana. Inona ny olana? Ny pasiteranareo mino an'Izany. Ianareo mino an'Izany. Noho izany, inona no tsy mety eto? Misy zavatra tsy mety. Tsy maintsy ho ilay jiron'izao tontolo izao izany. Tsy maintsy ho toerana iray izany izay ireo Herin'Andriamanitra, sy fitomaniana sy fitarainana, ary fikatsahana an'Andriamanitra, no tsy maintsy misy, andro aman'alina. Nahoana isika no tsy manana an'izany?

288 "Izaho no mety, fa ianareo no tsy mety," hoy Jesosy. "Ianareo no tsy nety. Avia ka mividiana Amiko."

289 "Fantatro fa hoy ianao hoe," hoy Izy, "ianao dia 'manan-karena, tsy manan-java-mahory,'" niresaka tamin'ireo fiangonana. Hoy Izy, "Hoy ianao hoe, 'manan-karena aho, ary tsy manan-java-mahory aho. Izahay no rafi-pandaminana

lehibe indrindra.' Nefa tsy fantatrao, fa ianao dia ory, mahantra, malahelo, jamba, ary mitanjaka, nefa tsy fantatrao izany." Raha ny olona iray no ao amin'izany toerana izany ka mahafantatra an'izany, dia ho afa-manala ny tenany izy. Fa, rehefa eo amin'izany làlana izany ianareo, "nefa tsy mahafantatra an'izany!" Ary Kristy no nilaza fa ho toy izany ireo fiangonana amin'izao andro izao, nefa tsy hahafantatra an'izany.

290 Tsongoy ny vatana ara-panahinareo, ry malalako, ry rahalahy malalako. Tsongoy ny fanahinareo, raha izay ilay izy, miaraka amin'ny vavaka, ka manaova hoe, "Tompo Jesosy, diniho aho. Mamelà ahy hanao fandinihana izao hariva izao, mialohan'ny handehanako hatory, ka hahita hoe inona ny olana eo amiko. Efa nanambara nandritry ny taona maro aho, nefa tsy nahita an'ireo zavatra izay nolazain'i Jesosy ireo. Fa homba ahy Izy, ary hitohy ireo zavatra ireo, tsy hitako izany. Inona ilay olana, Tompo Jesosy?"

291 Aoka hahitsy fo. Aoka ho tso-po. Mandohaleha ary miresaha Aminy, toy ny mifanatrika amin'ny rahalahy iray. Hanambara aminareo Izy. Hilaza aminareo Izy. Triaro ny fanahinareo, ary apetraho eo izany. Manaova hoe, "Tompo Jesosy, raha ny ankohonako no sandan'izany, raha ny aiko no sandan'izany, raha ny asako no sandan'izany, raha ny maha-mpikambana ahy no sandan'izany, raha ny lazako eto amin'ny tanàna no sandan'izany, dia handray an'izany làlana izany miaraka amin'ilay tsinontsinona vitsy an'ny Tompo aho."

292 Ankehitriny tsarovy, hoy Jesosy hoe, "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, fa vitsy no hahita azy. Fa malalaka ny làlana izay mitondra mankany amin'ny faharavana." Mbola nihoatra ny iray tapitrisa tamin'ny 54, "Malalaka ny vavahady izay mitondra mankany amin'ny faharavana, ary maro no hiditra ao." Marina izany. "Izay hahafoy ny ainy noho ny Amiko no hahita azy. Izay tia ray, reny, anabavy, rahalahy, na zavatra hafa, mihoatra noho Izaho, dia tsy mendrika ny antsoina hoe Ahy. Hametraka ny tànany eo amin'ny angady tarihina izy ary handroso, dia hitodika hijery any aoriana, dia tsy mendrika an'izany fotoana izany." Rahalahy!

293 Indray andro any, dia ho voatory ilay toriteny farany an'ny Filazantsara voahosotry ny Fanahy Masina. Indray andro any, dia hipoaka ilay basy farany. Indray andro any, dia ho hiraina ilay hira farany. Indray andro any, dia ho voatolotra ilay vavaka farany. Indray andro any, dia hikatona ireo varavaran'ny tabernakla ho an'ny fotoana farany, hikombona eo ambonin'ny polipitra ny Baiboly. Dia hijoro eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ianareo, hanome tatitra iray ny amin'izay renareo izao hariva izao. Hanao ahoana amin'izany? Hanao ahoana amin'izany? Rehefa sokafana ilay Boky lehibe, dia hanao ahoana amin'izany? Rehefa ho hita eo amin'ny

fandraisam-peo ity hariva ity, dia hanao ahoana amin'izany? Oh, araka ny lazain'ilay hira hoe:

> Hanao ahoana amin'izany?
> Rehefa sokafana ilay Boky lehibe, dia hanao ahoana amin'izany?
> Rehefa ireo izay mandà ny Mpamonjy amin'izao andro izao,
> No hangatahana hanome ny antony, dia hanao ahoana amin'izany?

294 Nitsangana teo amin'ny làlanareo ny asanareo. Nitsangana teo amin'ny làlanareo ireo raiamandreninareo. Nitsangana teo amin'ny làlanareo ny sakaizanareo lahy. Nitsangana teo amin'ny làlanareo ny sakaizanareo vavy. Nitsangana teo amin'ny làlanareo ny fiangonanareo.

> Hanao ahoana amin'izany? Hanao ahoana amin'izany?
> Rehefa sokafana ilay Boky lehibe, dia hanao ahoana amin'izany?
> Rehefa ireo mandà an'ity Hafatra ity izao hariva izao,
> Ianareo dia ho . . . hangatahana hanome ny antony, hanao ahoana amin'izany?

295 Inona no hataonareo ny amin'izany? Fantatrareo hoe inona ilay mariky ny bibidia. Fantatrareo hoe inona ilay tombokasen'Andriamanitra. Miankina aminareo izany.

Enga anie ny Tompo hitahy anareo, raha mitsangana isika.

296 Ianao, Ray An-danitra, aoka ireo Famindramponao sy ireo fitahianao ho eo amin'ny vahoaka. Aoka ny Fanahinao hihetsika. Ary aoka ny Fanahinao Masina hironjina eo ambonin'ity vahoaka ity, ka hanome azy ireo, Tompo, ny batisan'ny Fanahy. Enga anie ny lehilahy rehetra sy ny vehivavy, tovolahy sy tovovavy, ato, enga anie ho tena voatarika izy ireo izao hariva izao, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, mba hanaovan'izy ireo hoe, "Andriamanitra, raiso izay rehetra ananako. Raiso ny zavatra rehetra maha-izy ahy. Fa, avelao aho hanompo Anao, ry Tompoko. Hanaisotra ny zavatra rehetra aho. Hahafoy tena aho. Hahafoy ny fireharehana aho. Hahafoy ny fiangonana aho. Hahafoy ny zavatra rehetra aho."

297 Tsy hoe tokony hivoaka hiala amin'ny fiangonany izy ireo, Tompo, fa tokony hivoaka hiala amin'ilay toerana izay iainany izy ireo. O Andriamanitra, avereno any amin'ny fiangonany ireo Metodista, amin'ny firehetana, mba hitory ny Filazantsara; avereno ireo Batista, avereno ireo Campbellites, avereno ireo Katolika. Tompo Andriamanitra, avereno ny olona iray avy eto amin'ny Branham Tabernacle eto, hiverina eto amin'ny tabernakla eto, miaraka amin'ny fanahy mora, manetry tena, ka handroso sy hiteny, ary ho tia, sy hiezaka ny hanao ny olona ho ao

anatin'ny saina iray indray, mba hahafahan'ny Fanahy Masina hiditra sy hampiasa ny olona. Iraho ireo famantarana lehibe sy fahagagana. Osory ny mpino tsirairay. Mamelà ny fahotana tsirairay.

298 O Andriamanitra, hitanay ireo famantarana miseho. Hitanay ny aviavy mamoaka ny tsimo-kazony. Fantatray fa antomotra ilay fotoana. Hitanay ilay baomba any mipetraka eo an-tànan'ilay lehilahy mihitsy izay Nolazainao fa nasaina handrava an'izao tontolo izao.

299 O Andriamanitra, ahoana no ahafahanay mandà intsony? Ahoana no ahafahanay? Rehefa, renay ny Filazantsaranao voatahy maneno tena mazava, mazava; renay ny Fanahy Masina mitarika; hitanay ny Fanahy Masina manome famantarana sy fahagagana; manasitrana ny marary, manokatra an'ireo maso jamba, mamerina ny fiainana amin'ilay maty; fahagagana lehibe sy famantarana; ilay Filazantsara dia voatorin'ny olona tsy mahay mamaky teny, tsy mahay, voatory teo ambanin'ny Hery sy ny fanehoan'ny Fanahy Masina; famantarana sy fahagagana no manaraka an'ilay fiangonana. Mihoatra noho izany aza!

300 Hoy Ianao hoe, "Raha nahafantatra an'i Mosesy ianareo, dia ho nahafantatra ny Androko." Haleloia! Toy izany koa amin'izao andro izao, Tompo. [Nandondona in-telo ny polipitra Rahalahy Branham.] Mahita an'ireo karazana famantarana rehetra izy ireo, an'ireo ady sy korontana, ary ny zavatra rehetra. Avelao izy ireo hamadika indray an'ireo pejin'ny Baiboly tranainy malala, ka hahita hoe aiza ilay mari-dàlana. Ao amin'ny faran'ilay taona izahay.

301 O Andriamanitra, ahetseho ny Fanahinao ho eo ambonin'ity vahoaka ity. Ary raha hivoaka avy eto izy ireo, izao hariva izao, dia enga anie ny Fanahy Masina handeha hiaraka amin'izy ireo.

302 Ary rahampitso hariva, Tompo, rehefa ho tonga eo amin'io antso lehibe eny amin'ny alitara izay kasainay hatao io izahay, dia mivavaka izahay mba ho feno olona ireo alitara, ho feno ilay efitra fivavahana.

303 Ary enga anie, ny Alahady maraina, Tompo, sy ny Alahady hariva, izahay hanao batisa ny olona eto araka ny Tenin'Andriamanitra. Ary enga anie ny Fanahy Masina hilatsaka eo amin'ilay rano, ary hanao famantarana lehibe sy fahagagana. Ekeo izany, Ray.

304 Tahio ny pasitera malalanay eto. Tahio ireo mambra. Tahio ireo vahiny ao amin'ny vavahadinay. Enga anie izahay hody izao hariva izao ka hisaintsaina an'ireo zavatra ireo ao amin'ny fonay; hiverina indray rahampitso hariva, hifaly, hitondra amboara miaraka aminay. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izahay. Amena.

305 Ny Tompo Jesosy Kristy anie hitahy ny tsirairay avy aminareo. Raiso ny tànan'ny hafa. Miverena rahampitso hariva,

mitondra ny fanontanianareo sy izay tianareo, ary apetraho eo amin'ny polipitra izany. Enga anie Andriamanitra mba hanosotra anareo, ary homba anareo! Amena. Andriamanitra hitahy anareo.

Ny Tombokasen'Andriamanitra MAG54-0514
(The Seal Of God)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Anglisy ny Zoma tolak'andro, 14 May, 1954, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org